HETAHETA

Misaotra anao, Rahalahy Vayle. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

Manao ahoana, ry sakaiza. Tombontsoa anankiray ny maha-eto izao hariva izao. Ity no fotoana faharoa maha-eto ahy ato amin'ity Grantway Assembly ity, miaraka amin'ny rahalahy malalako, Mack, ary izao komity mahafinaritra eto izao, ary ny fikambanana Kristiana avy amin'ireo fiangonana samihafa, Rahalahy Lee Vayle. Ary vao avy nihaona tamin'ny rahalahy anankiray eto aho, izay, sa—sakaiza tian'i Rahalahy F. F. Bosworth, ary tsy nahafantatra mihitsy aza fa hoe efa lasa nihaona amin'ny Tompo Rahalahy Bosworth. Hoy aho hoe, "Toy ny nihaona tamin'i Elisa aho izay nanondraka rano ny tànan'i Elia," rehefa tany am-pita izy ireo ka tsy nahafantatra fa efa lasa nihaona amin'ny Tompo Rahalahy Bosworth, teo amin'ny fahefatra amby valopolo taonany.

2 Ankehitriny dia tiako ny miarahaba an'ireo olona izay mifandray amin'ny telefaona izao hariva izao, manerana ny firenena, manomboka any California ka hatrany New York, sy Texas ary—ary any amin'ny faritra sasany eto amin'ny firenena, manomboka any Maine ka hatrany California. Noho izany, isika dia manana ny—ny fomba fifandraisana amin'ireny telefaona ireny, izay fitahiana lehibe anankiray. Ary ankehitriny isika dia mahalala, amin'ny alàlan'ny sakaiza tsara antsika, Rahalahy Pearry Green, fa izy ireo dia manana za—zavatra kely izay azon'izy ireo apetraka eo amin'ny televizionanareo, ka tsy ho amin'ny telefaona fotsiny ihany izany fa hiseho televiziona mihitsy ao amin'ny televizionanareo, ihany koa. Ary eo am-panadihadiana an'izany izy ireo ankehitriny.

3 Ary, Ranabavy Mack, faly aho mahita anao salama tsara, mipetraka eto eo amin'ny orga, izao hariva izao. Ary maro amin'ireo sakaizako avy any Sierra Vista no hitako, ary Rahalahy Borders . . . na Rahalahy Roberson, raha ny marina, avy any Indiana; maro. Tiako ny milaza amin'ireo olona ao amin'ny tabernakla, izao hariva izao, toa tahaka ny antsasak'izy ireo no eto, ary avy ao amin'ny tabernakla ao Jeffersonville.

4 Ary ho an'ny sakaizako eto, Rahalahy Kuhn, izay momba an'ilay niantsoanao tao amin'ny, mikasika an'ilay aretina, fangatahana. Hivavaka ho an'izany aho, Rahalahy Kuhn. Manàna finoana fotsiny. Aza miahiahy. Ho tsara izany.

5 Ary any Texas any, Rahalahy Blair, raha mihaino ianao izao hariva izao, rahalahiko, dia tsarovy fotsiny izao; ilay Andriamanitra izay nanafaka anao indray mandeha, dia afaka

ny hanafaka anao fanindroany. Ary mino izahay fa hanaiky an'izany ho anao Andriamanitra. Ary aza mandray an'ilay laingan'ny devoly na amin'inona na amin'inona. Tsarovy fotsiny fa Andriamanitra no Andriamanitra, ary misy . . . ary mbola mitoetra tsy miova Izy omaly, anio, ary mandrakizay. Ary tia Azy isika ka mino Azy, ary hivavaka ho anao izahay.

6 Ho an'ireo sakaizantsika rehetra any California; ho an-dRahalahy Mercier sy ny sisa eto Arizona, toerana maro hafa, Phoenix; ary Rahalahy Williams, ary ianareo izay mifandray any izao hariva izao, manerana ny rehetra, dia faly tokoa izahay; ary any Georgia any. Ary mankasitraka ny tsirairay avy aminareo izahay. Ny Tompo hitahy anareo.

7 Mahatsapa aho fa tena tonga soa eto izao hariva izao, ato amin'ity fiangonana mahafinaritra ity, ny Assemblée de Dieu eto Grantway, ary miaraka amin'ny Rahalahy Mack, sakaizako tsara. Nitahy an-dRahalahy Mack Andriamanitra. Tsaroako indray mandeha tany Canada, izay izy no . . . Nanaraka làlan-kely aho, teo ambonin'ny soavaly anankiray, tany anaty ala lavitra tany, ary niteny tamiko ny Fanahy Masina mba hidina ka hivavaka ho an-dRahalahy Mack. Tao anatin'ny hamehana izy tamin'izany fotoana izany, ary nanasitrana azy ny Tompo. Ary dia tena mankasitraka tokoa aho ny amin'izany, sy ny tafavory eto izao hariva izao miaraka aminy, mba hanompo ny Tompo ao amin'ity Fahamarinana mahafinaritra ity.

8 Lehilahy anankiray mipetraka eto amin'ny lampihazo, aoriako ao, no nanao hoe, "Ataoko fa tsy fantatrao aho." Hoy izy, "Indray mandeha dia nitondra ahy ianao, raha nanakana fiara," ary, tsy fantatro, tany Boston na tany ho any, "Detroit, nanakana fiara."

9 Dia hoy aho hoe, "Eny, matetika aho dia miezaka ny manolo-tànana, raha vitako, ho an'ireo izay manana ilaina."

10 Ary noho izany, izao hariva izao, dia manana ilaina isika rehetra. Ary mivavaka isika mba hanoloran'Andriamanitra tànana antsika izao hariva izao, noho ny fanampiana, noho ny fitahiana, ary noho ny Fahasoavany sy famindrapony.

11 Ankehitriny, mitady ho lasa miresaka ela be aho, saingy hiezaka aho ny tsy hanao an'izany izao hariva izao. Satria, vao avy niantso ireo olona any Ohio, Rtoa. Dauch sy ireo vondrona any, Rahalahy McKinney sy Rahalahy Brown, ary ireo rehetra izay mifandray avy any Ohio. Izahay dia mandefa aminareo ny fiarahabana, ihany koa. Efa tara izao any New York any, ary ataoko fa efa eo amin'ny iraika ambin'ny folo na amin'ny roa ambin'ny folo, amin'izao fotoana izao, any New York. Ary tonga ireo fiangonana ka miandry hatramin'izao ora izao, ho an'ny fivoriana fotsiny. Mankasitraka izahay ny amin'ireo sakaiza mahafinaritra manerana any rehetra any.

12 Ankehitriny alohan'ny hanokafantsika ny Teny, dia ndao isika hiresaka fotsiny amin'ilay Mpanoratra, fotoana vitsy, raha manondrika ny lohantsika isika.

13 Ray An-danitra Malala, izahay dia . . . tondra-pifaliana ny fonay, noho ny tombontsoa izay anananay ny amin'ny nahavelona anay eto izao hariva izao, ka miaraka mivory amin'ny Vahoakanao. Ny olona . . . ary ireo izay inoanay fa ho velona mandrakizay. Manana ny Fiainana Mandrakizay izahay ankehitriny, satria, "Nomenao ny Zanakalahy tokana malalanao, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana Fiainana mandrakizay." Tamin'ny Fivahinianany tety an-tany, dia nampianatra anay Izy hoe, "Izay mandre ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana ny Fiainana mandrakizay; ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana, fa efa tafafindra avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana, satria nino ny Zanakalahy tokana malalan'Andriamanitra izahay." Toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izany Mpamonjy lehibe izany! Ary mivavaka izahay, izao hariva izao, mba ny Fanatrehany lehibe no tena hitahy anay miaraka eto, raha mamaky avy ao amin'ny Teniny izahay ka hiresaka an'Izany. Aoka ny Fanahy Masina no hitondra an'izany ao amin'ny fo tsirairay manerana ny firenena, Tompo, na aiza na aiza hivorian'ny olona miaraka.

14 Tahio ireo mpitoriteny hafa izay eto amin'ny polipitra. Mivavaka izahay, Ray, mba Hitahianao an'ity Grantway Assembly ity; ny pasiterany, ny vadiny, ireo zanany; ireo diakona, mpitantan-draharaha, ary ireo mpanolo-tsaina rehetra. Ary, Ray, enga anie izahay hiaraka hiasa ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, raha mbola ampy ny Hazavana hahitana an'izay halehanay, fa ho avy ny ora izay tsy hahafahan'ny olona miasa. Ary, Ray, raha mbola manana an'izao tombontsoa izao izahay, enga anie izahay—enga anie izahay hanavotra ny fotoana, Tompo. Enga anie izahay, mba ho ekena ho anay izany. Sitrano ny marary sy ny ory manerana ny firenena. Enga anie ny Fanatrehan'Andriamanitra ho tsapa any amin'ny fizarana sy zoron'ny firenena rehetra, izao hariva izao.

15 Fantatray fa hilatsaka ilay fitsarana. Mihotsaka ireo lavaka lehibe, ary mihozongozona ny firenena, ary horohoron-tany amin'ny toerana samihafa. Ireo zavatra lehibe ara-tantara izay renay tamin'ny andro lasa, ny amin'ny fitsarana, tao amin'ny Baiboly, dia hitanay izany fa miverina indray ankehitriny. Ny faminaniana no milaza fa, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona. Tahaka ny tamin'ny andron'i Lota, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona," ary hitanay miseho izany ankehitriny. "Ho ketraka ny fon'ny olona; fahaverezan-kevitra amin'ny fotoana; fanaintainana isaky ny firenena." Andriamanitra, fantatray fa eo amin'ny andro farany izahay.

16 Ampio izahay, Tompo, mba—mba hitondra ny Hafatra any amin'ny fizarana sy zorony tsirairay, ho an'ny zanaka tsirairay izay Natokanao ho amin'ny Fiainana. Ekeo izany, Tompo. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena. Tompo, tahio ny famakiana ny Teniny ankehitriny.

17 Ankehitriny dia maro aminareo no tia manaraka kely ny Baiboly, izay vakian'ny mpitoriteny. Ary tiako ny hamaky izao hariva izao, roa, andininy telo avy ao amin'ny Salamo, Salamo 42, mba ho fomba hahazoana lahateny anankiray fotsiny. Ary manana Soratra maromaro aho voasoratra eto, ary tiako ny hitodika amin'izy ireo, raha azoko atao, raha manohy ao anatin'ny minitra vitsy manaraka isika, mba hiresaka an'ity lohahevitra ity. Ny Salamon'i Davida. Davida no nanoratra ny Salamo.

18 Ankehitriny raha mbola mamadika ianareo, dia hiteny an'izao aho. Maro ny olona milaza hoe, "Eny, ara-tsindrimandry ve ny Salamo?" Izany tokoa, izany izy ireo. Izy ireo dia . . .

19 Ny zavatra rehetra izay—izay ao anatin'ny Baiboly dia ara-tsindrimandry, na tantara izany, na hira izany, na inona izany na inona. Ara-tsindrimandry izany. Hoy Jesosy hoe, "Tsy mbola novakianareo ve izay nolazain'i Davida ao amin'ny Salamo?" Ary dia heveriko, fa ny Salamo, mazava ho azy, dia hira. Ary raha ara-tsindrimandrin'Andriamanitra ny hira, izay, inoako fa izany izy ireo, ary ara-paminaniana ihany koa, dia antenaiko fa hijoro aho amin'izany andro izany rehefa ho tanterahina ity hira ity.

Hisy fihaonana iray eny an'habakabaka,
Ao amin'ilay mamy, mamy any ankoatra;
No hihaonako aminareo, sy hiarahabako anareo any;
Ao amin'ilay Fonenana any ankoatry ny lanitra;
Toy ny hira tsy mbola re, tsy mbola re tamin'ny sofin'ireo mety maty,
Ho be voninahitra izany, ka hambarako!
Ary ny Zanak'Andriamanitra Manokana no ho loha Tokana
Amin'io fihaonana eny an'habakabaka io.

Oh, izaho—izaho dia te-ho ao amin'io fotoana io!

20 Ankehitriny Salamo 42.

Tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony, no anirian'ny fanahiko anao, O Andriamanitra.

Ny fanahiko mangetaheta *an'Andriamanitra, dia Andriamanitra velona: rahoviana aho no ho tonga ka hiseho eo anatrehan'Andriamanitra?*

Ny ranomasoko no sakafoko andro aman-alina, raha ny*. . .raha milaza amiko mandrakariva izy ireo hoe, Aiza ny Andriamanitrao?*

21 Heveriko, fa Davida, teo am-panoratana an'ity Salamo ity, dia tsy maintsy tao anatin'ny fanaintainana. Ary mazàna dia ilaina ny fanaintainana mba hamoaka ny tsara indrindra ao amin'ny olona anankiray. Izany, marina tokoa, izany dia rehefa Andriamanitra. . .no midina amin'izay hifadiantsika hanina, matetika, mba hanao ny tenantsika ao amin'ny toerana hahafahantsika manala ny tenantsika amin'ilay làlana. Ary heveriko, fa rehefa niditra teo amin'ireo toerana ireo i Davida, dia tamin'izay fotoana izay izy no nanomboka nisaintsaina ny amin'ny Tompo, nanomboka nieritreritra ny mikasika an'ireo zavatra.

22 Matetika, dia Andriamanitra no mampiditra antsika ao amin'ny—amin'ny zorony izay tsy maintsy hijerentsika ambony. Indraindray aza isika dia tsy maintsy mitsilany ao amin'ny hopitaly, na fandriana anankiray any ho any, mba hahafahantsika mijery ambony mba hahita hoe avy aiza ireo fitahiana lehibe an'Andriamanitra.

23 Ankehitriny ny teny izay tiako ho resahana izao hariva izao, teny anankiray avy ao amin'ny Baiboly, ary izany dia hita ao amin'ny andininy faha-2 hoe, "hetaheta," ny teny hoe: *Hetaheta*. Nijery tao anaty diksionera aho rehefa nikaroka an'ity teny ity.

24 Nieritreritra mikasika ny—ny toriteny anankiray aho indray andro, efa nitory aho ny amin'ny *Mangetaheta Fiainana*. Ary izany dia nalaiko avy tao amin'ny Salamo, ihany koa, rehefa hoy Davida hoe, "Ireo lalànao," mino aho, "dia sarobidy lavitra ho ahy noho ny fiainana."

25 Noho izany dia nijery aho ary nieritreritra mikasika ny teny hoe "hetaheta," koa dia nikaroka tao amin'ny diksionera aho, mba hahita hoe inona no dikan'izany. Ary izao no lazain'ny Webster hoe, "Izany dia faniriana manaintaina," manaintaina, rehefa tena ilainareo fatratra ilay zavatra anankiray hany ka lasa manaintaina aminareo ilay izy.

26 Ankehitriny, izany dia—izany dia tsy zavatra tsy ara-boajanahary, ny mangetaheta. Hetaheta dia za—zavatra ara-boajanahary. Izany dia zavatra izay nomen'Andriamanitra antsika fotsiny, mba hahafahantsika, mba hanome antsika fa—faniriana zavatra anankiray. Indraindray dia Andriamanitra, ihany koa, no manome antsika ny—ny toeram-pitiliana anankiray, zavatra izay mipetraka ao anatinareo, izay—izay manara-maso an'ireo faniriana samihafa ireo. Ary ity hetaheta ity, ity toeram-pitiliana izay mipetraka ao anatin'ny fon'ny olona ity, dia zavatra izay nomen'Andriamanitra azy mba—mba hampitandrina azy ny amin'ireo faniriana izay tena ilainy.

27 Ankehitriny dia misy karazana hetaheta roa samihafa. Misy ny hetaheta, ara-batana. Ary misy ny hetaheta, ihany koa, ara-panahy. Tiako ny hamaky an'ity, izay nolazain'i Davida ity, indray.

Ny fanahiko mangetaheta *an'Andriamanitra, dia Andriamanitra velona:* . . .

28 Tsy hoe ara-tantara, na zavatra izay niseho taona maro lasa, na—na angano izay notantarain'olona; fa, "Andriamanitra velona," Andriamanitra anankiray izay manatrika mandrakariva. Ary nangetaheta an'izany Andriamanitra izany ny fanahiny, fa tsy karazana zavatra ara-tantara.

29 Ankehitriny dia mahita isika, fa Andriamanitra dia manome an'ilay toeram-pitiliana ho anareo, mba hanomezana anareo ireo zavatra izay ilainareo. Ankehitriny, ilay toeram-pitiliana ao anatinareo dia izay mitondra anareo. Ary ity hetaheta ity dia mandalo ao amin'ity fi-. . . toerana, toeram-pitiliana, sy miteny aminareo izay ilainareo, miteny ara-panahy. Ilay toeram-pitiliana ao anatin'ny vatana, ary ao amin'ny fanahy, ihany koa. Misy toeram-pitiliana anankiray ao anatin'ny vatana, izay miteny aminareo ny filàna izay ilaina ao amin'ny vatanareo, ary entina eo aminareo amin'ny alàlan'ny hetaheta izany. Ary koa, misy ny toeram-pitiliana anankiray ao amin'ny fanahinareo, izay miteny aminareo an'ireo zavatra ara-panahy izay ilainareo, zavatra anankiray ao amin'ny sainareo, ary, ary amin'ny alàlan'izany ianareo no afaka miteny hoe karazana fiainana inona no mifehy anareo.

30 Rehefa ianareo—rehefa ianareo no afaka mahita hoe inona ireo fanirianareo, dia amin'izay fotoana izay ianareo no afaka miteny, amin'ny alàlan'izany, hoe inona ilay karazana zavatra izay ao anatinareo, izay namorona an'io faniriana izay anananareo io. Hitanareo, misy zavatra izay mampangetaheta anareo, ary izany—ary izany dia afaka miteny aminareo ao amin'ny fanahinareo hoe inona io faniriana io, amin'ny alàlan'ny karazan'ilay hetaheta izay anananareo. Manantena aho fa afaka mahazo an'izany ianareo.

31 Misy ny—ny toeram-pitiliana iray ho an'ny fanahy, ary anankiray ho an'ny vatana, ary ny toerana tsirairay dia mpanao fampitandremana ho an'izay ilain'ilay anankiray. Ny tsirairay dia miantso ny ilain'izay antsoin'ilay mpiantso, mandefa filazam-pampitandremana izany.

32 Ohatra, ny—ny nofo dia mangetaheta ny hanome fahafaham-po an'ireo faniriana izay ao anatin'ny vatana, ary ny saina dia maniry an'ireo zavatra izay ao amin'ilay fanahy, dia ny faniriana, ary matetika dia miady amin'ny anankiray ilay iray hafa. Mahita isika eo, hoe inona ilay olana lehibe ankehitriny, fa olona maro no miezaka ny hiaina

eo anelanelan'ireo faniriana roa ireo. Fa, ny iray amin'izy ireo dia maniry ny zavatry ny tany, ny iray hafa maniry ny zavatry ny Lanitra.

33 Tahaka ny nolazain'i Paoly, izay mamaritra ao amin'ny Romana 7:21, "Raha te-hanao ny tsara aho, dia eo akaiky eo ilay ratsy." Rehefa miezaka ianareo, efa mba nanana an'izany fahatsapana izany ve ianareo, ry Kristiana? Fa rehefa miezaka ianareo ny hanao zavatra izay mendrika, mandeha manao ezaka anankiray hanao zavatra izay tsara, dia hitanareo fa eo ny devoly, eo amin'ny lafiny rehetra, mba hanakorontana anareo fotsiny, ny zavatra rehetra izay ianareo no . . . Ary izay no zavatra tsara anankiray, io. Tiako ny hilaza an'izao, izay tokony ho fantatry ny Kristiana. Fa rehefa ianareo no—rehefa ianareo no manomboka manao zavatra anankiray, ka misy zavatra foana miezaka ny hanakorontana anareo eo am-panaovana an'ilay izy, dia ataovy ilay izy na izany aza. Ny devoly io eo io, miezaka ny hanakana anareo tsy hanao an'izay tsara.

34 Ankehitriny, matetika, dia mihaona amin'ny olona izay mitady ho lasa sorena kely indraindray. Rehefa hitan'izy ireo fa miezaka manao zavatra anankiray izy ireo, ka—ka ny zavatra rehetra dia misakana fotsiny an'ilay izy eo amin'ny lafiny roa, dia hoy izy ireo hoe, "Mety tsy ho sitrapon'ny Tompo izany." Hitanareo? Ankehitriny dia aza mamela ny devoly handainga aminareo tahaka an'izany.

35 Ny zavatra voalohany, dia ny mitady na sitrapon'Andriamanitra ilay izy, na tsia. Ary dia raha tianareo ny hahafantatra raha sitrapon'Andriamanitra ilay izy, dia jereo ny Baiboly. Izany no zavatra izay—izay nametraka anareo mahitsy, dia ny Tenin'Andriamanitra; ary amin'izay fotoana izay raha hitanareo fa ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra ilay izy, mba hanaovanareo azy.

36 Tahaka ny hoe, ohatra, ny mitady ny batisan'ny Fanahy Masina. Matetika, dia mihaona amin'ny olona aho, manao hoe, "Eny, nitady ny Fanahy Masina aho, nefa dia tsy mety nahazo Azy mihitsy. Mino aho fa tsy ho ahy Izany. Isaky ny manomboka aho, dia lasa marary aho. Ary mandeha mivavaka aho, raha mifady hanina aho, dia lasa marary aho. Ary raha manandrana mijanona ny alina manontolo aho, mitsangana aho, dia lasa te-hatory aho. Izaho—izaho lasa tsy afaka mamindra." Tsarovy, fa ny devoly izany. Satria, Andriamanitra dia mikasa ny hahazoanareo ny Fanahy Masina. Ho an'izay rehetra mila Izany.

37 Matetika dia mahita ianareo, rehefa mivavaka ianareo ho an'ny, ao anatin'ny fivoriana anankiray, ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, avy eo ny ampitso dia mahita ianareo, tsy isalasalana, fa ny devoly dia hanao an'izany ho ratsy indroa lavitra noho ny tamin'ny andro teo aloha. Hitanareo? Tsarovy, fa izany dia i Satana

miezaka ny hampanalavitra anareo amin'ilay fitahiana izay nomanin'Andriamanitra ho anareo. Hitanareo? Aza mihaino an'io olona io ianareo. Hitanareo? Mandrosoa hatrany foana.

38 Nanana an'izany fahatsapana izany aho vao haingana teny an-dàlana nankany Afrika. Raha mba nanana fotoana izay tena nanagejan'ny devoly ahy aho, dia ny nandehanana tany Afrika tamin'ny farany teo. Izany dia tamin'ny anankiray tamin'ireo—ireo fivoriana tsara indrindra sy fotoana izay nandehanako tany ampitan-dranomasina. Izaho dia, mino aho, nahavita zavatra betsaka tamin'io fotoana kely izay naha-tany ahy io, ankoatry ny dia fihazako, noho izay efa vitako hatramin'izay. Nieritreritra foana aho fa tsy nila ahy ho any ireo fiangonana ireo, fa tonga dia hitako . . . Nahazo taratasy iray avy tamin'ny olona anankiray aho, izany dia hoe, oh, tsy mila ahy ho any izy ireo, ny fikambanana rehetra; ary hitako fa lehilahy anankiray izany, miaraka amin'ny loha-soratra avy amin'ny rafi-pandaminana anankiray, izay nanao hoe, "Tsy mila anao izahay," ny tiany ho lazaina dia hoe izy sy ny fianakaviany. Hitanareo? Koa dia rehefa tonga tany aho . . . Hitanareo, ilay "izahay" fotsiny, dia izy sy ny fianakaviany izany; fa tsy ireo olona mihitsy izany, tsy akory. Noho izany, ankehitriny dia saha lehibe anankiray misokatra ho anay izany.

39 Hitanareo, rehefa hoy i Paoly hoe, "Raha te-hanao ny tsara aho, dia eo akaiky eo ilay ratsy."

40 Avelao ho tonga eto amin'ny alitara ny tanora niova fo anankiray izao hariva izao, any ho any ato amin'ity tabernakla ity, na—na manerana ny firenena; fa tsarovy fotsiny, rahampitso, dia ho tezitra i neny mihoatra lavitra noho izay naha-izy azy hatramin'izay, ary hikorontana tanteraka i dada, ary ireo mpianatra an-tsekoly rehetra. Ary ny zavatra rehetra dia ho lasa ratsy fotsiny, satria i Satana izany izay miezaka hanao anareo hiverina. Hiezaka ny hanala anareo amin'ilay Làlana izy. "Raha te-hanao ny tsara aho, dia eo akaiky eo foana ilay ratsy."

41 Ankehitriny ndao isika hijery an'ilay hetaheta, dia ho hitantsika raha tena zavatra ara-boajanahary tokoa ny hetaheta. Efa nandre olona aho niteny tamiko hoe, "Oh, tsy mbola nangetaheta mihitsy aho. Mino aho fa ho an'ny olona fotsiny ny te-ho lasa Kristiana." Oh, tsia. Diso izany. Izany dia tena zavatra anankiray izay hitambaran'ny olombelona rehetra. Tena marina tokoa izany. Rehefa tonga teto amin'ity firenena ity isika fahiny, dia nahita an'ireo Indiana teto. Ary ireo Indiana, na dia mpanompo sampy aza izy ireo tamin'izany fotoana izany, dia nanompo ny masoandro izy ireo na zavatra. Raha mbola olombelona foana izy ireo, dia misy zavatra ao anatiny, hetaheta ara-boajanahary, miantso an'Andriamanitra, any ho any.

42 Any anaty ala any, vao haingana mihitsy tany, valopolo sy efajato maily miala amin'ny tena fandrosoana, tanàna kely, bitika anankiray misy olona eo amin'ny telo arivo eo,

ao Beira, any Mozambika. Nahita mponina an'ala izahay izay tsy mbola aza . . . tsy mbola nahita olona fotsy mihitsy. Nahita zazavavy mponina an'ala anankiray aho, tsy nanana akanjo izy teny aminy, (tsy nisy nanana akanjo mihitsy izy rehetra teny aminy), ary nipetraka teny ambony hazo anankiray izy. Ary nanara-dia an'ilay liona aho, ary nisy teo . . . Nandre zavatra tahaka ny olona anankiray aho, nihiakiaka. Io zazavavy mponina an'ala io no nipetraka teo, nijery natahotra, nihazona zazakely anakiray. Ary ny nampahatahotra azy dia . . . Izany no hany fiarovany, dia ny miakatra eny ambony hazo anankiray, miala amin'ny liona, leoparda na zavatra, na biby hafa. Ary nahita ahy izy, ary nandre fa olombelona anankiray ilay izy, saingy nijery izy ka nahita olona fotsy anankiray! Tsy mbola nahita anankiray mihitsy izy teo amin'ny fiainany, hitanareo, ka dia natahotra fatratra izy. Hitanareo?

43 Saingy rehefa nahita an'ireo olona ireo isika, na dia ao amin'izany fiainana fahagola izany aza any, dia mbola manompo foana izy ireo. Alohan'ny niantsoanay liona anankiray, dia ararak'izy ireo ny lafarinin-katsaka (izany no hanin'izy ireo) eo ambonin'ny ravin-kazo iray, dia mitehaka ny tànany izy ireo, ary miantso fanahin-javatra lehibe izay tsy fantany ho aiza izy ireo (tahaka ny masindahy anankiray na zavatra, amin'ny Katolika), mba hiaro azy ireo, mba tsy hahafaty azy ireo mandritry ny fotoana hamelezan'io liona io.

44 Hitanareo, zavatra ara-boajanahary izany. Tsy zavatra tsy ara-boajanahary ny mangetaheta an'Andriamanitra. Zavatra ara-boajanahary anankiray izany. Zavatra anankiray izay tsy maintsy ataonareo fotsiny izany. Andriamanitra no nanao anareo tahaka an'izany. Tsy ivelan'ny maha-olona izany, tena iraisan'ny olombelona mihitsy izany. Tsy natokana ho an'ny olona sasantsasany izany.

45 Hoy izy ireo hoe, "Eny, izaho efa nahita olona sasany niaina tamin'ny—ny fiainana mpandresy, ka tena any amin'ny avo mandrakariva izy ireo, midera an'Andriamanitra izy ireo. Izaho dia maniry ny mba hahatsapa toy izany." Eny, ny antony hahatsapanareo ho toy izany, dia ilay hetaheta ao anatinareo izany. Ary zavatra ara-boajanahary fotsiny izany. Ho an'ny olona rehetra izany, ny mangetaheta an'Andriamanitra.

46 Ankehitriny haka sasantsasany amin'ilay ara-boajanahary isika. Ny hetaheta no voalohany. Ndao isika haka, ohatra, ny mangetaheta rano. Tahaka ny nolazain'i Davida eto, mangetaheta, "rano." Mangetaheta rano, ny vatana dia mila rano. Ary raha tsy karakarainareo io hetaheta io, dia ho faty ianareo. Ho lany rano ianareo, ary ianareo dia ho—ianareo dia tsy ho velona. Raha tsy manome rano ho an'io hetaheta io ianareo, mba hanala an'io hetahetan'ny vatana ara-boajanahary io dia ho faty tsy ho ela ianareo. Tsy ho ela velona ianareo.

Afaka ny ho velona maharitra kokoa tsy misy sakafo ianareo noho ny tsy misy rano. Satria, afaka mifady hanina efapolo andro ianareo (Jesosy nanao an'izany), heveriko, tsy nisy—tsy nisy sakafo, saingy tsy afaka manao an'izany ela tsy misy rano ianareo. Ho maina fotsiny ianareo ary ho faty. Tsy maintsy mahazo rano ianareo. Ary—ary ny hetaheta izay tonga eo aminareo, nahoana, dia izany no maneho fa mila zavatra ny vatanareo, mba hihazona azy ho velona. Tsy maintsy mahazo rano ilay vatana, mba hijanona ho velona. Ianareo dia rano sy solitany valopolo isan-jato mahery, na izany aza, ary ianareo dia tsy maintsy maka an'ireo loharano ireo, mba hijanonanareo ho velona. Tahaka ny nolazaiko, raha ataonareo tsirambina izany dia ho faty ianareo.

47 Ny hetaheta koa dia fanairana anankiray. Famantaranandro fanairana izy, io hetaheta io. Mametraka famantaranandro fanairana ny fanahy, fimonomononana kely anankiray ao anatinareo ao izay miteny aminareo fa mamitsaka eo akaiky eo ilay fahafatesana. Ka, raha tsy mahazo rano haingana dia haingana ianareo, dia tsy maintsy ho faty ianareo. Ary lasa miha-mafy sy miha-mafy izany, hany ka ny hiafarany raha manohy mamono azy ianareo dia ho faty ianareo, satria famantaranandro fanairana anankiray izany.

48 Tahaka ny nilazan'i Davida azy ao amin'ny Salamo eto, "Tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony, no anirian'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra." Tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony!

49 Nieritreritra matetika aho, raha mamaky an'ity an'i Davida ity. Davida dia mpianala, mpihaza. Ary nihaza diera izy, mazava ho azy. Ary maro amintsika, amin'izao andro izao, no mihaza azy ireny. Ny ombimanga dia diera anankiray.

50 Ary hitantsika, raha mahita alika aza ianareo, ny alikadia dia handramby diera anankiray. Ary matetika izy ireo dia manana, tahaka ny amboadia, vangy anankiray. Ary afaka mandramby an'ilay diera avy hatrany eo ambonin'ny foto-tsofiny, *eto*, dia asaviliviliny ny lanjany. Tapahany ny tendan'ilay diera, ary dia tsy manana anjara intsony ilay diera amin'izay fotoana izay. Saingy indraindray ny—ny—ny alika, tahaka ny any Afrika any, ny alikadia dia handramby an'ilay diera avy hatrany eo amin'ny leminy, raha tsy tratrany ilay tenda. Handramby izy, fanindroany, eo amin'ilay leminy. Ary raha tena matanjaka ilay diera ka tena mailaka, dia afaka manala an'ilay alika izy.

51 Tena mahery mandeha ny diera. Mitsaitsaika manatona azy ilay alika rehefa tsy mijery izy, ary rehefa mitsoka avy any aminy ny rivotra, ary—ary izy—izy dia tsy mahalala fa ilay—ilay alika dia eo akaikiny.

52 Ary avy eo, rehefa rombahin'ireo alikadia izy, raha tena mailaka izy, dia afaka manipy azy. Ary, saingy rehefa

miala avy eo amin'ilay leminy ilay alika, dia eran'ny vava ny nofon'ilay diera azony. Na, rehefa eo amin'ny vozony no rombahiny indraindray, dia ho tapahiny ny làlan-dràn'ny tendany, fa tsy ho tratrany izany. Ary ilay diera, eo am-pialana aminy, dia hiendaka ny nofon-kena be avy eo amin'ny tendan'ilay diera, ary dia manomboka miraraka ny rà.

53 Ary avy eo dia ho avy hanara-dia an'io rà io avy hatrany ilay alika, aorian'ilay diera. Ary satria manomboka mihena tsikelikely ny ain'ilay diera, satria ny rà, no reniranon'aina ho an'ny vatana, satria manomboka mihena tsikelikely midina izany, dia miha-reraka ilay diera. Ary ilay alika amin'izay fotoana izay, na ny lopa, dia aorian'ilay diera mihitsy.

54 Ankehitriny, raha tsy afaka mahita rano io diera io! Ankehitriny, ny rano dia manana zavatra ao aminy ao, fa, rehefa misotro rano ilay diera, dia izany no mampijanona an'ilay fahaverezan-drà. Fa raha tsy mahazo rano izy hampangatsiatsiaka azy, dia ilay—ilay rà dia hitohy hikoriana haingana be; satria mihazakazaka izy, manao ny fony hipaompy. Fa raha mba tonga eo amin'ny rano izy, dia ho velona ilay diera.

55 Ankehitriny dia misy lesona lehibe eo, hitanareo, ary Davida milaza eto, "Tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony, no anirian'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra."

56 Ankehitriny dia fantatr'io diera io, fa raha tsy mahita rano izy dia ho lasa izy. Tsy afaka ny ho velona fotsiny izy. Efa nanara-dia azy ireny matetika aho rehefa avy naratra. Vao mahita renirano izy, dia hiampita izy ary hisotro, dia hiakatra eny amin'ny havoana; hiverina hidina, hiampita, hisotro rano ary hiakatra. Tsy ho azonareo mihitsy izy, raha mbola hanaraka foana an'io renirano io izy. Saingy vantany vao miala amin'ilay renirano izy, raha tsy mahita rano an-ony hafa anankiray izy any ho any, dia ho azonareo eo no ho eo izy. Ary ankehitriny dia fantatr'ilay diera izany, koa dia hijanona eo akaikin'ilay rano mihitsy izy, izay hahafahany handeha eo haingana avy hatrany. Ankehitriny azonareo eritreretina ve ny diera anankiray miaraka amin'ny orony akariny ambony, mitoetra any ho any izy eo amin'izay tsy misy rano?

57 Ary hoy izy hoe, "Tahaka ny ombimanga mangetaheta na maniry (hetaheta anankiray izany) ny rano an-ony, no angetahetan'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra. Raha tsy mahita Anao aho, Tompo, dia ho faty aho. Izaho—izaho—izaho tsy afaka mandeha raha tsy mahita Anao aho!" Ary rehefa ny lehilahy anankiray na vehivavy, zazalahy na zazavavy, no manana an'io karazana hetaheta an'Andriamanitra io, dia hahita zavatra anankiray izy. Hitanareo?

58 Saingy rehefa manatona an'izany isika, toy ny an-tsasa-dàlana fotsiny, "Eny, handohalika aho ary hijery izay

hataon'ny Tompo." Hitanareo, tsy mbola tena mangetaheta ianareo. Izany dia tsy maintsy ho hetaheta anankiray eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny Fiainana, ary amin'izay fotoana izay dia misy zavatra miseho.

59 Ny diera, izy ihany koa eto dia . . . Hitantsika fa izy koa dia manana fanamboloana hafa, fofona, izay mametraka fanairana ao anatiny rehefa akaiky ny fahavalony. Izy dia manana, io zava-boahary kely io, fa—fanamboloana anankiray hiarovany ny tenany. Ary izy dia—izy dia manana fanairana anankiray ao anatiny, zavatra kely anankiray, ka manetsika ny orony izy rehefa akaiky ilay fahavalo. Rehefa ao anatin'ilay rivotry ny fahavalo ianareo, dia fantany fa eo izay ianareo, ary dia lasa izy. Indraindray any amin'ny antsasaky ny maily iray any, dia afaka manimbolo anareo izy ary mitsoaka, na ny lopa na ny loza rehetra. Mahay manimbolo an'izany izy satria izany no nanaovana azy. Diera anankiray izy, amin'ny natiorany. Ary io fanamboloana ao anatiny io dia anankiray fotsiny amin'izay nomen'Andriamanitra azy, amin'ireo fanamboloana ho azy, mba hivelomany.

60 Ary nieritreritra aho, mampitaha ny diera amin'ny olona anankiray izay mangetaheta an'Andriamanitra, alohan'ny hahatongavan'ilay fahavalo eo. Misy zavatra iray ny amin'ny zanak'Andriamanitra anankiray, fa vantany vao nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo, nandray ny batisan'ny Fanahy Masina, dia misy zavatra anankiray ny amin'ny olona izay afaka manimbolo ny fahavalo. Afaka maka olona anankiray ianareo rehefa mandray ny Soratra izy, ka mamaky ny Soratra ary manandrana manatsofoka zavatra ao amin'io Soratra io, izay mifanohitra amin'ilay Soratra, ny olona anankiray izay feno ny Fanahy Masina dia afaka [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] manimbolo an'izany, avy hatrany. Misy zavatra tsy mety ao. Rehefa tonga eo amin'ny toerana anankiray izy, ary—ary io karazana fanamboloana kely ao io, dia io no natao hiaro ny fiainanareo. Ianareo, ianareo tsy mahazo, ianareo tsy mahazo manaiky na inona na inona mihitsy raha tsy tena Tenin'Andriamanitra marina ilay izy. Tsy maintsy mijanona mahitsy marina amin'ilay Teny ianareo. Ary, ankehitriny, ary voaaro miaraka amin'io fanamboloana io isika raha mbola ao amin'ilay Fanahy Masina foana isika.

61 Afaka mamaky ianareo, ary ohatra hoe, misy olona anankiray miteny, dia hamaky ao amin'ny Marka 16 aho, ka manao hoe, "Ary izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino: Handroaka devoly amin'ny Anarako izy ireo; hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo; na handray menarana, na hisotro zava-mahafaty, tsy hampaninona azy ireo izany; raha mametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

62 Ankehitriny, noho izany, mahita olona anankiray ianareo mitsangana eo ka manao hoe, “Ankehitriny, izany dia efa an’ny taona apostolika.” Fa, ankehitriny, avy hatrany, raha nandray an’ilay Fanahy Masina ianareo, dia notolorana an’io fanamboloana io ianareo. Io no hampaneno an’ilay izy. Misy zavatra tsy mety ao. Hitanareo? Miezaka izy ireo ny hanazava an’ilay izy, fa izany dia an’ny andro lasa, ka tena tsy mila an’ireo zavatra ireo mihitsy ianareo ankehitriny. Saingy hoy Jesosy hoe, “Izao zavatra izao no hanaraka an’ireo izay mino.” Hitanareo, misy zavatra kely anankiray izay maneno ao anatinareo ao, fimonomononana kely anankiray, amin’ny fahafantarana fa diso izany ary izany no làlan’ny fahafatesana.

63 Satria, hoy Jesosy hoe, “Raha manampy teny anankiray amin’Ity isika, na manaisotra Teny anankiray amin’Izany, dia esorina ao amin’ny Bokin’ny Fiainana ny anjarantsika.” Hitanareo, tsy Soratra anankiray. Tsy maintsy mandray Azy amin’ny fomba nanoratana Azy isika. Ary Andriamanitra dia manara-maso ny Teniny, mba hanatanteraka Azy, ary isika dia mahafantatra fa tsy maintsy ho marina mihitsy Izany.

64 Koa noho izany, na inona na inona holazain’ny fiangonana, na inona ho lazain’ny olona hafa, raha nateraky ny Fanahin’Andriamanitra ianareo, dia lasa ampahan’ny Baiboly ianareo. Andriamanitra dia niteny tamin’i Ezekiela, izy, ilay mpaminany. Hoy Izy hoe, “Raiso ilay horonam-boky dia hano izany,” avy eo ilay mpaminany sy ilay horonam-boky dia lasa samy ampahany. Ary izany ilay mpino rehefa nandray ny Fanahy Masina izy; ny Fanahy Masina no nanoratra ny Baiboly, ary ny Fanahin’Andriamanitra no Tenin’Andriamanitra. “Ny Teniko dia Fanahy. Tamin’ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin’Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika.” Hebreo 13:8, “Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.” Ary raha ampahan’io Teny io ianareo, oh, dia avelao hisy zavatra ho tonga mifanohitra amin’io Teny io, [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] misy fimonomononana kely anankiray mampaneno avy hatrany. Hitanareo, Izany dia mba hampitandrina anareo fa an-dàlana ny fahafatesana. Tsy mahazo manao an’izany mihitsy isika. Misy ihany koa . . .

65 Ireo hetaheta ireo dia ara-boajanahary fotsiny. Ara-boajanahary izy ireo ho an’ny Kristiana. Ara-boajanahary izy ireo ho an’ny olombelona.

66 Misy ihany koa hetaheta ho an’ny fahombiazana. Maro be ny olona ankehitriny, toy ny ahoana ny hianarantsika ho an’io hetaheta io! Vao avy nahamarika isika, nanomboka ny oniversite izy ireo. Dia mankany isika, ary ny olona dia mandany an’arivony dolara mba handefasana an’ireo zanany ho

any an-tsekoly, sy—sy ho any amin'ireo oniversite ary fianarana ambony, sy ny sisa, mba hahazo fanabeazana, "Mba hahomby," no iantsoan'izy ireo azy, "amin'ny fiainana." Saingy ankehitriny tsy manohitra an'izany aho, ankehitriny, tena tsara izany. Saingy, ho ahy, afaka maka ny fianarana rehetra eto amin'izao tontolo izao ianareo, fa tsy hahita foana ny tena fahombiazana ianareo. Marina izany. Satria, izany dia hanao zavatra vonjimaika fotsiny ho moramora ho anareo eto. Ary misy . . . Fa rehefa maty ianareo, dia avelanareo aorianareo izany rehetra izany, sy izao toe-karena manontolo ananantsika izao.

67 Nilaza an'izany aho indray andro, tany Phoenix. Mendrika ho lazaina indray izany, fa, "Izao fandrosoana moderina izao, ny fandaharam-panabeazana manontolo, ny fandaharana siantifika manontolo, dia mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra avokoa sy ny Sitrapony." Ny fandrosoana dia tena . . . Tsy hisy fandrosoana anankiray intsony mihitsy eo amin'izao tontolo izao izay ho avy, hitovy amin'izao. Izao dia fandrosoana anankiray voavadika. Andriamanitra no nanana ny Fandrosoany voalohany teto ambonin'ny tany, rehefa niteny ny Teniny Izy ka niseho izy ireo, ny voa tsirairay araka ny karazany, ary tao anatin'izany fandrosoana izany dia tsy nisy fahafatesana, aretina, alahelo. Ary ankehitriny isika dia maka ny zavatra izay ao anatin'ny tontolo siantifika, izay napetraka teto mba hiarahana mihazona azy, ary mamadika azy ho zavatra anankiray, ka izany no mitondra ny fahafatesana.

68 Tahaka ny baomba atomika. Tsy mahafantatra ny raikipohy an'ireny zavatra ireny aho, fa mety ho diso ny filazako azy. Alain'izy ireo ny uranium, mba hamakiana mo—molekiola, ary ny molekiola miparitaka ho atoma. Inona no ataon'izany avy eo? Mandringana fotsiny izany, saiky, mamotika fotsiny. Ny zavatra rehetra izay ataontsika!

69 Alaintsika ny fanafody, asiantsika an'*ity* raikipohy ity miaraka amin'*itsy* raikipohy itsy, mba hitsaboana an'*ity*, ary dia ampidirintsika ao amintsika izany. Ary inona no ataontsika? Mamotika zavatra anankiray hafa isika.

70 Ataoko fa efa namaky ianareo, namaky ny *Reader's Digest* tamin'ny volana lasa, izay nilazana fa, "Ao amin'izao taona izay iainantsika izao, dia, ireo tovolahy sy tovovavy dia mety hahatratra ny taom-pahamatorana eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona." Eritrereto izany. Zazavavy kely ao anatin'ny mitsaha-jaza, ary roapolo, sy roa amby roapolo ary telo amby roapolo taona, taom-pahamatorana. Hitanareo, inona no nanao an'izany, izany dia io sakafo mifangaro sy karazan-javatra izay hanintsika io. Hitanareo, izany dia ilay karazan-javatra, ilay sakafo sy ilay—ilay fiainana izay iainantsika. Ireo siantifika no nitondra an'izay tamintsika, ary, eo am-panaovana an'izany, dia mamono anareo izy ireo.

71 Tany Afrika aho izay nahitako an'ireo ankizilahy izay tsy mbola nandray daozim-panafody mihitsy teo amin'ny fiainany. Mihinana hena izy ireo izay misy holitra ao anatiny. Misotro rano izy ireo avy amin'ny dobo izay toy ny hahafaty omby anankiray. Ary nitifitra fikendrena iray aho tamin'ny halavirana teo amin'ny roanjato yard teo, ary tsy hitako ilay izy niaraka tamin'ny masolavitra anankiroa fito-sy-dimampolo. Ary nijoro teo ny lehilahy anankiray mitovy taona amiko, niteny tamiko hoe taiza ilay izy no voa, tamin'ny masony fotsiny ihany. Ankehitriny, raha nanao zavatra ity fanolokoloana moderina ity . . . Tsapako fa raha izaho no mba nanana ny masony sy ny vavoniny, dia ho tena lehilahy tsara tokoa aho. Hia.

72 Fa eo ianareo izao, hitanareo, izany no siansa, fanabeazana, fandrosoana, potik'izany isika. Mamotika ny tenantsika isika. Tao amin'ny saha Edena izany no nanomboka, ary mitohy mandraka ankehitriny. Saingy, mangetaheta fahombiazana!

Avy eo, mangetaheta fisakaizana isika. Mandeha isika, dia mila fisakaizana isika.

73 Izany dia tahaka ny tovolahy anankiray sy tovovavy anankiray. Ankehitriny, izany dia tsy hoe tsy ilaina na tsy (ny tiako holazaina) tsy ara-boajanahary ho an'ny tovolahy anankiray sy tovovavy anankiray ny—ny hifankatia. Hetahetam-pitiavana izany. Taonan'izy ireo izany, ary izy ireo—izy ireo dia mifankatia. Ary tsy hoe tsy ara-boajanahary izany, izany dia zavatra ara-boajanahary fotsiny ho azy ireo ny manao an'izany.

74 Ankehitriny dia mahita zavatra betsaka isika, ao amin'ilay fiainana izay iainantsika ao amin'ilay vatana ara-boajanahary, izay mampangetaheta antsika. Zavatra anankiray fotsiny izay mipetraka ao anatintsika izany. Te-hanao an'ilay izy isika, tsapantsika tanteraka fa ilaina ilay izy. Ary ilaina ny hanaovantsika an'ilay izy.

75 Mahita vehivavy betsaka isika, amin'izao andro izao, mangetaheta fahatsaran-tarehy. Ankehitriny tsy misy vehivavy . . . Zavatra ara-boajanahary ho an'ny vehivavy anankiray ny mangetaheta mba ho tsara tarehy. Izany dia—izany dia talentany nomen'Andriamanitra azy ary—ary ny fahatsaran-tarehiny izay nomen'Andriamanitra ho an'ny vadiny. Ary hitantsika fa te-ho tahaka an'izany ireo vehivavy ireo. Nahoana àry izany? Izany dia satria fotsiny zavatra izay nomen'Andriamanitra azy izany. Ary tsy ratsy ho an'ny vehivavy akory ny ho tsara tarehy. Tokony ho izany izy ireo.

76 Ary, fantatrareo, izy ireo no hany zava-boahary izay—izay ny vavy no tsara tarehy kokoa noho ny lahy, ao amin'ny taranak'olombelona izany. Ny biby sisa rehetra, alaivo ny—ny

ombivavy sy ny ombilahy, ny diera sy ny lahin'osy, ny akohovavy sy ny akoholahy, ny renim-borona sy raim-borona, hitanareo foana fa ny lahy no lehibe sy tsara tarehy. Fa eo amin'ny taranak'olombelona kosa, manambara fa misy izay nihavian'ny fanimbana, dia mifamadika izany; ary dia ny vehivavy no—no tsara tarehy, ary maniry mafy ny ho tsara tarehy izy ireo.

77 Tsy tahaka an'ireo zava-boahary hafahafa izay hitantsika eny an-dàlambe amin'izao andro izao; tsia, tsia, tsy io karazana hatsarana io. Tsia. Io no tena fampisehoana endrika ratsy indrindra izay mba hitako teo amin'ny fiainako. Eny, tompoko. Io no fanimbana izay nanimba an'ilay hetaheta marina.

78 Ankehitriny, ny hetaheta marina izay tokony hananan'ny vehivavy anankiray, dia ny ho "mandravaka ny tenany amin'ny fitafiana maotina, sy manana fanahy anankiray mitovy amin'ny an'i Kristy," Timoty Voalohany 2:9. Ankehitriny io no fomba tokony hampangetaheta ny vehivavy. Ankehitriny raha te-ho tsara tarehy ianareo, dia izao no fomba hahatonga anareo ho tsara tarehy, hitanareo, dia ny fanahy anankiray mitovy amin'ny an'i Kristy, ka miravaka amin'ny fitafiana maotina.

79 Oh, oadray, ireo olona sasany amin'izao fotoana izao eny an-dàlambe! Tsy hainareo ny hanavaka lehilahy amin'ny vehivavy, ary izany dia—izany no zavatra ratsy tarehy indrindra ka ianareo hahavita . . . Izaho tsy mahavita, izany dia—izany dia . . . Izaho—izaho dia tsy mbola nahita zavatra mitovy amin'izany mihitsy, mitovy amin'ny olombelona. Tafahoatra amin'ny maha-olona ilay izy. Ny maso miloko miakatra tahaka an'*izao,* ary, fantatrareo, ireo mason'androngon'izy ireo mahatsikaiky, ary ireo akanjony rehetra mahatsikaiky. Ary, nahoana, ilay izy aza tsy . . . Izy rehetra tena niova endrika, tsy mitovy amin'ny olombelona anankiray akory aza izy ireo. Ary ireo zazalahy sasany eto, miaraka amin'ireo volony voahogo midina, ireo an'ireo anabaviny, ireo fanodinam-bolo eo amin'ny handrina *eto,* fantatrareo, nahoana, fanimbana tanteraka izany! Marina izany. Izany dia—izany dia—izany dia i Satana, ary i Satana dia mpanimba.

80 Rehefa nanao ny zavatra rehetra Andriamanitra tao amin'ny sahan'i Edena, dia tena nahafinaritra ilay izy, avy eo dia tonga i Satana ary nanimba. Tsy afaka mamorona na inona na inona i Satana. Tokana ihany ny Mpamorona izay misy, dia Andriamanitra izany. Fa i Satana no manimba an'ilay famoronana tany am-boalohany. Ary ankehitriny dia niditra tao amin'ilay (ity no tiako ho tenenina izao hariva izao) fanimbana ny—ny famoronana ny hetaheta tany am-boalohany izy.

81 Ankehitriny, ny vehivavy, araka ny nolazaiko teo aloha, dia te-ho tsara tarehy. Misy zavatra ao anatiny ao, fa vehivavy izy ary tiany ny ho toy izany.

82 Saingy ny fomba maha-izy azy ireo eny an-dàlambe kosa, ny volo tapaka tahaka ny lehilahy, manao akanjon-dehilahy; ary ireo lehilahy mivadika, manao akanjom-behivavy, ary ny heti-volo tahaka ny vehivavy. Hitanareo, fanimbana izany, ny zavatra manontolo! Ny sakafonareo dia simba. Ny fiainanareo dia simba. Ny hetahetanareo, simba. Ny fanirianareo dia simba. Andron'ny fanimbana izao!

83 Niresaka aho teto, vao tsy ela, ny amin'ny *Edenan'i Satana*. Naka enina arivo taona Andriamanitra, ary nanao Edena tanteraka anankiray. Tonga i Satana ary namafy an'ireo voa ireo, ka nanova endrika azy ireo. Ankehitriny manana enina arivo taona izy, ary manana ny Edena siantifikany manokana izy, niverina indray eo amin'ny fanimbana ny tsara.

84 Ary izao no taonan'ny fampifangaroana, fampifangaroana. Manana mihitsy aza izy ireo ny—ny fiangonana ankehitriny, hany ka fangaro izy ireo. Marina izany. Miditra ao izy ireo, mandeha any am-piangonana fotsiny izy ireo, trano fialofana ilay izy raha tokony ho fiangonana. Ny fiangonana dia toerana iray izay hiangonan'ny olona ka hanompoany an'Andriamanitra amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana. Fa ankehitriny dia trano fialofana ilay izy. Mandeha any isika dia manana fotoana kely hifandraisan-tànana, dia manao fiombonana, ary kafe tsotra ao ambadik'ilay tranobe, dia mody mandra-pahatongan'ny herinandro manaraka, ary nahavita ny adidintsika amin'ny maha-mpivavaka isika.

85 Ankehitriny dia izao no taona simba. Ary i Satana no manimba an'ireo hetaheta izay napetrak'Andriamanitra ao anatinareo ireo, mba hangetaheta. Satana no manimba azy ireo. Ankehitriny raha te-hahafantatra ny tsara ianareo, ny fanimbana . . .

86 Raha toa ianareo, ireo vehivavy, ka te-ho tsara tarehy, dia alaivo ny Timoty Voalohany 2:9, izany dia hoe "mandravaka ny tenany amin'ny fitafiana maotina—fitafiana, miaraka amin'ny fanahy mitovy amin'ny an'i Kristy, malemy fanahy, manaiky ny vadiny," sy ny sisa. Izany no fomba tokony hiravahanareo, ny fiainanareo izay iainanareo.

87 Manimba ny natiora marin'Andriamanitra izy, sy ny hetaheta marina an'Andriamanitra, an'ny vatana sy ny fanahy, tamin'ny alàlan'ny filàn'ny ota. Ota, fanimbana anankiray! Ankehitriny mahita isika, olona anankiray amin'izao fotoana izao, ny fomba nakan'izy ireo an'ilay fanimbana; hetaheta an'Andriamanitra, ny hetaheta mba ho tsara tarehy, ary ireo hetaheta rehetra ireo. Fa, fa ny rano, dia nosoloin'izy ireo izany mba hahafa-po azy io amin'ny fisotroan-toaka. Ny hetahetam-pifaliana, ny olona rehetra dia te-hanana fifaliana; mangetaheta fisakaizana; ireo hetaheta lehibe izay napetrak'Andriamanitra tao anatintsika ireo,

mba hahafahantsika mangetaheta Azy. Andriamanitra dia nanao anareo mba hangetaheta Azy, ary isika dia miezaka ny hahafa-po an'izany amin'ny karazana hetaheta anankiray hafa, amin'ny karazana fanimbana an'ilay hetaheta marina. Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy ao amin'ny ara-boajanahary? Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy ao amin'ny ara-panahy? Mieritreritra isika, fa raha mbola mikambana amin'ny fiangonana foana isika, izay—izay dia milamina, izay ihany no tokony hataontsika. Eny, tena diso tanteraka izany. Tsia.

88 Tian'Andriamanitra hangetaheta Azy ianareo! "Tahaka ny ombilahy maniry ny rano an-ony, no anirian'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra." Hitanareo? Hitanareo?

89 Ankehitriny, raha maniry ny rano an-ony io diera io, dia ahoana raha misy olona anankiray tonga, ka misy diera sakaizany anankiray hafa tonga, ary manao hoe, "Hono ho'aho, hilaza aminao aho fa izaho—izaho dia mahavita. Fantatro hoe aiza no misy lava-potaka eto." Eny, tsy hila an'izany ilay diera. Izy, tsy hahasoa azy izany.

90 Ary tsy misy na inona na inona afaka hahafa-po an'io hetaheta izay ao anatin'ny olombelona io, raha tsy miditra ao Andriamanitra. Tsy maintsy mandray an'Izany izy, raha tsy izany dia maty. Ary tsy misy olona manana zo hiezaka hampangina na hahafa-po an'io hetaheta masina io, izay ao anatiny, amin'ny alàlan'ireo zavatr'izao tontolo izao. Tsia, tompoko. Tsy finoana ny fanaovana an'izany. Ary raha mangetaheta an'Andriamanitra ianareo, aza mandray tànana an'ilay mpitory teny ka mametraka ny anaranareo ao amin'ilay boky. Raha mangetaheta an'Andriamanitra ianareo, dia zavatra tokana ihany no hahafa-po an'izany, izany dia, ny mihaona amin'Andriamanitra. Raha mangetaheta an'Andriamanitra ianareo, dia izany no fomba tokana hahafahanareo mihaona Aminy, dia ny manao an'izany.

91 Ary avy eo dia misy loza lehibe anankiray, ihany koa, raha tsy mitandrina izay ataonareo ianareo amin'izay fotoana izay. Raha mangetaheta an'Andriamanitra ianareo, dia aoka hahazo antoka fa Andriamanitra no hitanareo. Hitanareo, aoka hahazo antoka fa ilay hetahetanareo dia afa-po. Fa raha i Satana no nahavita nanimba anareo, hiala amin'ireo faniriana ara-boajanahary ireo, ary izany no hataony raha vitany, izy dia—izy dia hanao anareo fotsiny hiezaka ho afa-po.

92 Mivoaka ny lehilahy anankiray, inona no mahatonga ny lehilahy ho mamo? Dia satria manahy izy sady rotidrotika. Misy zavatra banga ao aminy.

93 Tany amin'ny Mayo aho, vao tsy ela teto, ary tany aho ho an'ny resaka ifanontaniana. Ary dia voalaza tamin'izany, fa, niresaka momba ny fisotroana, ary nolazaiko azy ireo fa nisotro ny raiko.

Hoy izy, “Inona no nahatonga azy hisotro?”

Hoy aho hoe, “Tsy fantatro.”

94 Hoy izy hoe, “Dia satria nisy zavatra izay (izy) tsy nahafa-po azy, ary nihevitra izy fa afaka misotro izy mba hanaisotra an’ilay izy ao an-tsainy.”

95 Azoko avy hatrany ilay izy tamin’izay, hitanareo. Tena Andriamanitra marina tokoa, no zavatra tokana afaka hahafa-po an’io hetaheta io. Andriamanitra Tenany no zavatra tokana afaka hahafa-po an’io hetahetan’olombelona io, dia ny manaiky an’Andriamanitra.

96 Ankehitriny dia alain’i Satana ireo zavatra ireo, araka ny nolazaiko, ka manimba azy ireo. Amin’izay fotoana izay raha ianareo no—raha ianareo no. . . Raha tsy hanome ny toerana voalohany ao amin’ny fiainanareo ho an’io hetaheta io ianareo, ka tsy hangetaheta sy haka an’ireo zavatra izay efa nomanin’Andriamanitra hampitsahatra an’io hetaheta io, hampitony an’io, amin’izay fotoana izay dia i Satana no hitarika anareo any amin’ireo lavapiringany miandrona an’ity tontolo izao ity. Tsy maintsy mahazo azy ianareo any ho any. Raha tsy afaka mahita sakafo ianareo, dia hihinana ny avy ao anaty dabam-pako ianareo. Hitanareo? Ary raha ianareo—raha ianareo no tsy afaka hahita rano, ka efa ho faty ianareo, dia hisotro avy ao amin’ny—ny karazan-dobo rehetra ianareo, satria efa eo am-pahafatesana ianareo.

97 Fa tsy misy antony ho an’izany, rehefa mangetaheta an’Andriamanitra ianareo, satria Andriamanitra dia Andriamanitra velona, fa tsy karazan-javatra ara-tantara. “Mangetaheta Anao ny fanahiko, ilay Andriamanitra velona,” Zavatra izay manome rano velona, Zavatra izay mahafa-po.

98 Misy natiora hafa anankiray, ara-boajanahary, hetaheta ara-boajanahary fotsiny, ao amin’io hetahetan’ny fanahy io. Mety hilaza ianareo hoe, “Rahalahy Branham, mangetaheta ve io fanahy io, ara-boajanahary ve izany?” Eny, ara-boajanahary ho an’ny fanahy ny mangetaheta. Ary izany dia, satria Andriamanitra no nanao anareo ho toy izany, izany dia mba hangetahetanareo Azy. Tiany ianareo hangetaheta Azy. Ankehitriny, Andriamanitra no nanao anareo tahaka an’izany. Tsy tokony hanao anareo tahaka an’izany Izy, fa Nataony izany. Ary raha tsy nanao anareo tahaka an’izany Izy, mba hangetaheta ianareo, dia hisy fialan-tsiny anankiray eo amin’ilay Hazon’ny Fitsarana, hanao hoe, “Izaho—izaho—izaho dia tsy nangetaheta an’Andriamanitra mihitsy.” Saingy, tsy misy fialan-tsiny, mangetaheta ianareo. Hataonareo amin’ny zavatra hafa ilay izy; mety ataonareo amin’ny vadinareo ilay izy, mety ataonareo amin’ny fiaranareo ilay izy, mety ataonareo amin’ny zavatra hafa ilay izy, mety mankany am-piangonana ianareo dia miezaka hahafa-po an’ilay

izy. Ary izaho tsy manana na inona na inona hanoherana ny fankanesana any am-piangonana, saingy tsy izany no fahafaham-po. Izany dia ny fahitana an'Andriamanitra, ilay Andriamanitra velona, ilay Andriamanitry ny Lanitra, ao anatin'ny fanahinareo, izay mahafa-po an'io faniriana sy hetaheta izay irianareo io.

99 Ankehitriny, fa, nanao anareo Izy mba hahatonga anareo hangetaheta Azy, ho an'ilay Fiombonany. Ankehitriny, misy ny hetahetam-piombonana tena izy. Ankehitriny dia tiantsika ny mihaona amin'ny hafa. Manao an'izany isika izao hariva izao. Mihaona miaraka eto isika izao hariva izao satria tiantsika ny hiombona, ny iray amin'ny iray hafa. Nahoana isika no manao an'izany? Satria misy zavatra ao anatintsika ao ka tiantsika ny mihaona. Ara-boajanahary fotsiny izany. Ary ankehitriny isika dia mihaona ao amin'ny hevitra ifanarahana iray eto, izany dia, satria mangetaheta an'Andriamanitra isika rehetra. Hitanareo? Ary noho izany dia mihaona eto isika ao amin'io mahazatra io, io hevitra ifanarahana eto io an'ny fiombonana. Ato amin'ny fiangonana izao hariva izao, eto, dia mety misy fijery ara-anaram-piangonana samihafa, sy ny sisa; saingy rehefa tonga eo amin'io hetaheta io izany, dia mihaona ao amin'ny hevitra ifanarahana iray isika, hevitra anankiray: mangetaheta isika rehetra. Ny sasany mety mino ny famafazana, ny anankiray hafa ny batisa, ary ny iray ny fandrarahana, na ny sisa; saingy rehefa tonga eo amin'ilay hetaheta an'Andriamanitra izany, dia isika—isika dia tonga eo amin'ny hevitra iraisana iray. Ary Andriamanitra dia nanao antsika toy izany mba hanaovantsika an'izany, hangetaheta Azy sy ny Fiombonany. Tsy mahafantatra na inona na inona aho . . .

100 Fony aho mbola zazalahy kely, dia tsaroako fa notezaina tao anatin'ny fianakaviana tena mahantra aho. Ary tsaroako matetika fa nivoaka niaraka tamin'ny namana aho. Tsy mba afaka niakanjo tsara aho rehefa handeha any amin'ny toerana mihaja. Saingy, izaho—izaho tsy mahafantatra, misy zavatra ao amin'ny olona, izay tiako. Tiako ny miaraka amin'izy ireny. Saingy izaho dia, somary, ilay antsoina hoe, ondry mainty. Ary rehefa voavonjy aho ka nahita an'ilay Zavatra tao anatiko, izay nampangetaheta ahy, ny—ny Sakaiza, Olona iray izay mety ho namako, Olona iray izay azoko hitokiana, Olona iray izay hahafahanareo mipetraka sy miresaka ny amin'ny olanareo. Ary rehefa . . . Nahita an'io tena fahafaham-po marina io aho rehefa nahita an'i Jesosy Kristy, ilay tena Mpanome fahafaham-po marina izay nanala avokoa—avokoa . . . nampitony an'io hetaheta rehetra io, ka manome anareo Zavatra izay—izay toy ny hoe tsy misy na inona na inona mihitsy haka ny Toerany.

101 Ary ankehitriny toy ny ahoana no ezahan'i Satana hanimba an'io fahafaham-pon'ny fanahy io, io hetahetan'ny

fanahy io! Miezaka izy ny hanome anareo ny zavatra rehetra mba hahafa-po an'izany. Ary tena mpamitaka mihitsy izy amin'izao andron'ny fanimbana izao. Tontolo simba ity. Taranaka iray simba izao. Vahoaka iray simba izao. Ny zavatra rehetra simba, ary nosimbaina tsikelikely mandra-pahatongany ho lasa taona mpamitaka lehibe indrindra izay isika no . . . tsy mbola niainan'ny olombelona rehetra. Mbola mpamitaka lavitra noho ny naha-izy azy hatramin'izay.

102 Ankehitriny ianareo mihitsy—ianareo dia tsy afaka mihitsy ny hieritreritra hoe mpamitaka toy ny ahoana moa no ananan'ny firenena, na dia eo amin'ireo rahalahintsika manokana aza, tahaka ny vahoaka Amerikana.

103 Niresaka aho andro vitsy lasa izay. Tany anaty ala aho herinandro vitsy lasa izay ary nahita ny—ny—ny fonosan-tsigara anankiray nipetraka tany anaty ala. Ary izao no voalaza teo amboniny teo, "Ny fanatatavanan'ny lehilahy misaina." Ary nandeha làlana kelikely tao anaty ala ihany aho, dia niverina aho; nitohy nihazona tato anatin'ny saiko, "Ny fanatatavanan'ny lehilahy misaina, sy ny tsiron'ny lehilahy mifoka."

104 Eny, tany amin'ny World Fair aho, taona vitsy lasa izay, ka nahatsiaro rehefa nanana an'ilay Yul Brynner sy ny sisa tany izy ireo, rehefa nanao fampisehoana ny amin'ny sigara izy ireo. Ary toy ny ahoana no nakan'izy ireo an'ilay setroka sy nametrahany an'izany teo ambonin'ny tapaka marbra anankiray, ka nakany Q-tip [Hazo kely fisokiran-tsofina—Mpand.] ary nikaohany an'ilay nikotina avy tao, ary nametraka an'izany teo amin'ny lamosin'ny voalavo anankiray. Tao anatin'ny fito andro, voan'ny homamiadana be izy ka tsy afaka nitsangana tamin'ny tongony. Hitanareo, avy amin'ny sigara anankiray! Ary avy eo dia nasehon'izy ireo hoe ahoana io rehefa miditra ao anatin'ny avokavoky ny olombelona. Hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Izaho tsy misintona. Abontsiko ato am-bavako fotsiny ilay izy." Nasehony hoe ahoana no hidiran'izany ao anatin'ny ivy ka hidinan'izany avy hatrany mitovy ihany, ao amin'ny tenda, hitanareo.

105 Ary avy eo dia hoy io lehilahy io hoe, "Mahita betsaka ianareo ny firesahana momba ny fanatatavanana." Hoy izy hoe, "Ankehitriny, raha manana faniriana ianareo," hetaheta izany, hitanareo, "faniriana ny hifoka sigara, sigara tsotra anankiray dia mety hahafa-po an'io faniriana io amin'izao aloha. Fa raha manana fanatatavanana anankiray ianareo, dia sigara efatra no ilan'izany mba hahafa-po," hoy izy, "satria dia eo amin'ny am-pahefatry ny setroka ihany no ho azonareo."

106 Ary hoy izy, "Ny tsiron'ny lehilahy anankiray mifoka"? Hitanareo, tsy afaka mahazo setroka ianareo raha tsy mahazo

tara ianareo. Ary rehefa mahazo tara ianareo, dia tratry ny homamiadana. Koa dia eo ianareo izao, hitanareo, izany—izany dia tsikombakomba fotsiny. Ary mieritreritra ny amin'ny—ny orin'asan'ny paraky anankiray izay eto amin'ity firenena ity, ary—ary mivelona amin'ity firenena ity izy, ary dia miaraka amin'ny tsikombakomba tahaka an'izany, mba hamitaka tanteraka tokoa ireo teratany Amerikana, hamitaka azy ireo. Fanatatavanan'ny lehilahy misaina? Tsikombakomba fotsiny izany mba hivarotana sigara betsaka.

107 Avy eo dia nieritreritra ny amin'io zavatra io aho, "Fanatatavanan'ny lehilahy misaina," nieritreritra aho hoe, "hevitra tsara izany." Noho izany dia misy ny Fanatatavanan'ny lehilahy misaina, dia ity Baiboly ity izany. Ny—ny fanatatavanan'ny lehilahy misaina izay handray an'ity Fanatatavanana ity, Izany no hamokatra ny tsiron'ny lehilahy marina anankiray. Hitanareo?

108 Ankehitriny, tsy afaka hampita ota ao amin'ny pejin'ity Baiboly ity ianareo. Tsia, Sakanan'Ity izany. Tatavaniny hiala izany. Ankehitriny, afaka mandeha any am-piangonana ianareo, ary maka zavatra fotsiny, saingy tsy afaka miampita amin'ity Baiboly ity ianareo ka manana ota. Tsy hanao an'izany Izy. Tatavaniny ny ota rehetra, ary manome ny tsiron'ny lehilahy anankiray masina Izy. Satria raha misaina ny lehilahy anankiray fa te-ho masina izy, ary ho tahaka an'Andriamanitra, sy ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, dia ny karazana Fanatatavanana tsara anankiray no tiany. Koa Sakanany ny ota rehetra eto amin'ity ilan'ny Baiboly ity, ary ny Fanahy Masina irery ihany no Azony hampitaina amin'ny Baiboly, izay nanoratra ny Baiboly. Izany no tsiron'ny lehilahy masina, mba hananana an'io Fanatatavanan'ny lehilahy misaina io.

109 Ankehitriny dia hitantsika hoe mamitaka toy ny inona ilay izy. Matio 24:24, hoy Jesosy hoe, "Amin'ny andro farany, dia, tena hifanakaiky tokoa ireo fanahy roa hany ka hamitaka an'ireo tena Voafidy izy ireo raha azo atao." Tena mifanakaiky! Tena, famitahana toy ny inona ny—ny amin'ny tsara sy ny ratsy, no ananantsika ankehitriny!

110 Na dia ao amin'ny—ao amin'ny governemantantsika aza, ao amin'ny politikantsika, isika—isika aza tsy manana lehilahy anankiray akory izay azontsika apetraka ho politisiana, izay hanohana tanteraka an'izay heveriny fa marina. Aiza ireo Patrick Henry antsika sy George Washington antsika, ary Abraham Lincoln antsika amin'izao andro izao? Tena tahaka an'izay nolazain'ny Filohantsika teo, "Ny fomba, raha ny kaominisma no tian'izy ireo, dia mety ho azony izany, izay rehetra tian'ny vahoaka." Raha tsy izany no—no lehilahy anankiray izay tsy hiteny ny faharesen-dahany! Ny

lehilahy anankiray dia hijoro amin'ny fitsipika iray, hijoro eo amin'izay hoe inona no fitsipika . . . te-handeha fotsiny eo amin'ilay—ilay—ilay fomba fanamoran-javatra.

111 Ary izany no fomba izay ananan'ny olona, ao amin'ny fiangonana. Tian'izy ireo ny ho tonga hikambana amin'ny fiangonana, ka hoy izy ireo hoe, "Oh, eny, izany—izany ilay izy, izaho—izaho dia mikambana amin'ny fiangonana ankehitriny." Miezaka ny hahafa-po an'ilay hetaheta masina lehibe izay napetrak'Andriamanitra ao anatinareo ianareo, ilay Tilikambo fifehezana izay miezaka mamerina anareo amin'ilay zavatra marina, ary miezaka ianareo ny hahafa-po an'izany amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana anankiray, manonona fanekem-pinoana anankiray, na zavatra tahaka an'izany. Nefa, tsy misy afa-tsy ny tena Fanatrehana sy fahafenoan'Andriamanitra Tenany ao amin'ny fiainanareo, no hahafa-po an'izany.

112 Tsy ho afa-po amin'ny fanekem-pinoana anankiray izy. Tsy hisintona fanekem-pinoana anankiray avy ato amin'io Baiboly io ianareo. Tsia. Tsy misy Fanekem-pinoan'ny Apostoly akory aza, araka ny fiantso azy, izay handalo Ao mihitsy. Asehoy amiko ao amin'ny Baiboly izay ilazan'ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly hoe, "Mino ny fiangonana Masina Katolika Romana aho; mino ny firaisan'ny olona masina aho"; nefa ny Baiboly dia nilaza hoe, "Tokana ihany no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona, ary izany dia Jesosy Kristy Olona." Tsy hisintona an'izany avy ao amin'ny Baiboly mihitsy ianareo.

113 Tsy hisintona mihitsy an'ireo dihy rehetra ireo ianareo, sy ireo sorta, ary ireo zavatra izay ataon'ny olona ankehitriny ireo, ireo twists sy watusi [Karazana dihy—Mpand.], ary ireo zavatra rehetra ireo, avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy hisintona an'izao fironana moderin'ny fandrosoana izao avy ao amin'io Baiboly io ianareo. Manohitra an'izany Izy. Hitanareo? Ary miezaka ianareo ny hahafa-po an'ilay hetaheta, saingy, hitanareo, izany dia ho . . . Ity Baiboly ity ihany no hahafa-po ny tsiron'ny lehilahy marina anankiray na vehivavy. Ity Fanahy Masina ity, izay hiomehezan'izy ireo, ka manao hoe, "Very saina ianao." Saingy Io no mahafa-po an'ilay faniriana, ilay zavatra izay tsy misy fantatr'izao tontolo izao. Nanimba ny tenany izy ireo, avy ao amin'ny batisan'ny Fanahy Masina sy ny Tenin'Andriamanitra, (nankao amin'ny inona?) nankao amin'ny lavapiringa, lavapiringan'ny fiangonana, an'ireo dogma sy fanekem-pinoana, ary—ary ireo fahasamihafana ara-anaram-piangonana, sy ny sisa.

Hoy ianareo, "Kristiana ve ianao?"

114 "Metodista aho. Batista aho. Presbyterana aho." Tsy midika zavatra amin'Andriamanitra izany, na dia iray aza.

Tsy afaka misintona an'ireo zavatra ireo avy ao amin'ny Baibolin'Andriamanitra eto ianareo. Ary miezaka ianareo ny hahafa-po an'ilay hetaheta masina izay nomen'Andriamanitra anareo, mba hangetaheta Azy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

115 Ankehitriny, fantatrareo fa Davida no nilaza eto hoe, "an'Andriamanitra velona." Ankehitriny, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny dia tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Noho izany dia tsy misy fahafaham-po afa-tsy ity Teny ity, izay Andriamanitra, tonga velona ao anatinareo, amin'izay dia mahita an'Andriamanitra Tenany ianareo manatanteraka ny teny fikasana izay Nataony ao anatin'ny Baiboly.

116 Ankehitriny dia manana mpandika Baiboly samihafa isika. Ny fiangonana anankiray mandika Azy tahaka an'*ity*, ny anankiray hafa mandika Azy tahaka an'*izao*, ary ny anankiray hafa tahaka an'*ity*. Ny sasany tsy maka afa-tsy kely fotsiny amin'Izany; ny sasany maka *eto* sy *etsy*, ampahany iray amin'Izany. Fa Andriamanitra no Mpandika Teniny Manokana. Rehefa manao fampanantenana anankiray Izy ka manatanteraka an'izany, dia izany ilay fandikana azy.

117 Raha nampanantena anareo aho fa ho eto aho izao hariva izao, ary inty aho eto, dia izay no fahatanterahan'ilay fampanantenako. Raha milaza aho fa hihaona aminareo aho raha maraina, ka eto aho, dia izay ilay fampanantenako. Tsy misy ilàna ny fanaovana fialan-tsiny hafa izany, tsy maintsy tonga eo aho.

118 Ary rehefa manao fampanantenana anankiray Andriamanitra, ka tonga eto avy eo ary manatanteraka an'ilay fampanantenana, dia izany no fandikana an'ilay fampanantenana. Ary hihaika ny tsirairay aho hihazona an'Andriamanitra amin'ny Teniny, dia hijery raha tsy Fahamarinana ny Teny rehetra ato amin'izao Baiboly izao. Marina izany. Izany io hetaheta ato anaty io.

119 Hoy ianareo hoe, "Raha izaho no niaina tamin'ny andron'i Jesosy, dia nanao an'*izao-sy-izao* aho."

120 Fa, miaina ao amin'ny Androny ianareo. Inona no hanaovantsika an'ilay izy? Inona no hataontsika? Hoy ianareo hoe, "Eny?" Ny nataonareo, angamba dia izay nataon'ireo Fariseo. Nikambana tamin'ny fiangonana izy ireo, ka nandà an'i Jesosy Kristy.

121 Isika dia miteny foana ankehitriny, ny olona dia miezaka miteny hoe, "Mampitaha izahay. Tsy maintsy mampitaha ny pejin'ny Baiboly amin'ny pejin'ny Baiboly izahay, Soratra amin'ny Soratra." Tsy izany no Fahamarinana. Tsia, tsy izany no Fahamarinana. "Ity teny Grika ity dia *ity* no dikany, ary

ity dia *izao* no dikany." Ireo Grika tenany aza, tany aloha tany tamin'ny andron'ny Fivoriamben'i Nise, sy ireo mpanoratra tany aloha tany, dia nanana fomba samihafa. Ny anankiray mino an'ity, *ity* no tian'*ity* manam-pahaizana Grika ity lazaina, ary ilay anankiray hafa milaza fa *ity* no dikan'*ity* anankiray ity. Ary mifamaly eo amin'Izany izy ireo. Isika tsy mila ny fandikan'ny manam-pahaizana Grika na ny teny Grika.

122 "Ny mahafantatra Azy no Fiainana," ilay Olona, Kristy Tenany! Fa tsy mampitaha. Izany dia fanambarana izay nanorenan'Andriamanitra ny Fiangonany eo amboniny. Ary raha tsy manorina eo ambonin'izany Fiangonana mitovy izany isika . . . Hoy ny Baiboly hoe, "Abela, tamin'ny finoana!" Ary ny finoana dia fanambarana avy amin'Andriamanitra. Hitanareo, ny finoana dia fanambarana avy amin'Andriamanitra. Eny àry. Ity Zavatra manontolo ity dia miorina eo ambonin'ny fanambarana noho izany, ary raha tsy efa voambara taminareo ity! Hoy Jesosy hoe, "Misaotra Anao Aho, Ray, fa Nafeninao tamin'ny hendry eto amin'ity izao tontolo izao ity ireo zavatra ireo, ka nambaranao tamin'ireo zaza izay hianatra." Hitanareo, ankehitriny, ny zavatra rehetra dia miorina eo, tsy maintsy mahafantatra an'ilay Olona ianareo!

123 Ary tsy afaka ny hahafa-po an'izany amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana ianareo. Tsy maintsy mahita an'ilay Olona ianareo, Andriamanitra Tenany, izay ny Teny sy—sy fandikana ny Tenany amin'izao andro izao, ireo fampanantenana izay Nataony amin'izao andro izao. Ireo olona izay Halainy amin'ity andro ity, "ilay Fiangonana tsy misy tasy na fiketronana," dia tsy midika ho anaram-piangonana iray; ny dikany dia ireo olona, ireo isam-batan'olona tsy misy tasy na fiketronana. "Hisy anankiroa eo am-pandriana, Halaiko ny iray ary havelako ny iray; anankiroa any an-tsaha, Halaiko ny iray ary havelako ny iray." Fa rehefa Andriamanitra, ilay hetaheta masina mba hitovy Aminy, ka avy eo dia hitanareo fa ao anatinareo ny Teniny, manamarina ny Tenany, fa mpanompon'Andriamanitra ianareo. Na inona na inona lazain'Andriamanitra, dia milahatra mahitsy amin'izany fotsiny ianareo, dia manaraka an'ilay dingana tsara ianareo amin'izay fotoana izay mba hahafa-po an'ilay hetaheta masina izay ao anatinareo.

124 Oh, mazava ho azy, fa hiomehy anareo ny olona, ka hanao hoe, "Very saina ianao. Lasa adala ianao." Saingy tsarovy inona no nosotroin'izy ireo, hitanareo. Jereo hoe aiza izy ireo. Azonareo eritreretina ve ny fantsakana mamoaka rano lehibe anankiray izay mampifantsitsitra rano tsara, ka misy olona anankiray any eo amin'ny lavaka anankiray eo, miaraka amin'ny tsiboboka maty, sy ireo fanekem-pinoana, ny zavatra

rehetra mipetraka ao anatiny ao, dia misotro eo, miandrandra ka maneso anareo? Oh! Nahoana, tsy fantany, tsy fantany hoe inona izany—inona izany Loharano mampitony hetaheta izay iainanareo izany. Tena marina izany.

125 Manana Andriamanitra velona isika. Tsy anankiray izay efa maty sivin-jato sy arivo taona ka nijanona tao anatin'ny fasana, fa Anankiray izay nitsangana indray. Hoy ny Hebreo 13:8, hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Ilay Fanahy Masina tsy miova izay nilatsaka tamin'ny Andro Pentekosta no Fanahy Masina tsy miova izay eto ankehitriny. Izy no ilay Ampahany mahafa-po, satria Izy no Teny. Marina izany. Ny Fanahy Masina no nanoratra ny Teny, Izy no mandika ny Teny. Ny Baiboly no nilaza, ao amin'i Petera Faharoa, fa ny Fanahy Masina no nanoratra ny Baiboly, "Ireo olona tany aloha, nentin'ny Fanahy Masina, no nanoratra ny Baiboly."

126 Ankehitriny, tsy vitanareo izany, tsy vitanareo ny hahafa-po an'io hetaheta masina io miaraka amin'ny zavatra hafa afa-tsy Andriamanitra Tenany ihany izay velona ao anatinareo, ao amin'ilay Olon'ny Fanahy Masina. Fanabeazana, ny kolon-tsaina, fikambanana amin'ny fiangonana, fanaovana tsianjery ny fanekem-pinoana, mandeha mikambana ao amin'ny fikambanana anankiray; ireo zavatra rehetra ireo dia tena tsara, saingy tsy hampijanona tanteraka mihitsy an'io fahanginana masina io ireo, io—io hetaheta masina io, raha ny marina, tsy hampangina an'io hetaheta masina io.

127 Nihaino an'i Billy Graham aho, ilay evanjelista lehibe, indray hariva. Lazaiko aminareo, fa mivavaka ho azy bebe kokoa aho ankehitriny noho ny izay efa nataoko hatramin'izay. Nahita azy tena nipaika azy ireo aho, ny fomba izay nataon'izy ireo. Hoy izy hoe, "Ilay vondron'ireo lehilahy mpitandrina izay tonga eny an-dàlana, ireo vozon'akanjony mivadika!" Mandeha any amin'izay tsy tokony alehany izy ireo, mampiditra ny orony amin'ny zavatra anankiray. Saingy mandeha eny an-dàlana izy ireo, [Mitehaka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] mitehaka ny tànany sy manapoapoaka ny tongony. Eny, tahaka ny tsi-holy-rollers izy ireo. Ankehitriny, hitanareo, saingy manana zavatra anankiray izy ireo izay—izay hinoan'izy ireo. Manana zavatra anankiray izy ireo, manaitaitra ny fanahy izany. Manana zavatra anankiray izy ireo izay mahataitaitra azy ireo. Ny vehivavy sasany nandeha ary nampiditra ny lohany tao amin'ny zavatra anankiray tany, ary nihevitra izy ireo fa maritiora anankiray izy io, nefa tsy nisy zavatra nidirany. Ankehitriny dia hitantsika ireo lehilahy ireo [Nitehaka ny tànany Rahalahy Branham] fa nanana zavatra anankiray izay nahafahany nitehaka ny tànany. Faly izy ireo. Nanao zavatra anankiray izy ireo.

128 Eny, raha afaka manao an'izany ianareo ho an'ny—ny fitsipika anankiray izay heverinareo fa marina eto; ary avy eo dia mitsangana ao amin'ny fiangonana ka misy olona mitehaka ny tànany na manapoapoaka ny tongony, dia hotarihin'ny diakona hivoaka ny varavarana izy ireo. Hitanareo, nahodin'izy ireo ny olony ho any amin'ny lavapiringa maloton'ny fanekem-pinoana sy anaram-piangonana, raha tokony hamahana azy ireo ao amin'ilay Tenin'Andriamanitra voatahy, izay nomen'ny Herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy.

129 Hitanareo, izy ireo dia miezaka ny, mampitony ny hetahetany izy ireo amin'ny filazana hoe, "Izaho no Dokotera *Ranona-sy-ranona*," na nivoaka avy tao amin'ny seminera anankiray na sekoly anankiray. Saingy tsy midika zavatra anankiray izany, na dia iray aza. Fa, hitanareo, izy ireo, izy ireo dia miezaka ny hahafa-po ny tenany, manao hoe, "Ankehitriny dia hanaiky ahy Andriamanitra satria izaho no Pasiterany. Hanaiky ahy Andriamanitra satria izaho no Ray masina *Ranona-sy-ranona*, na Eveka *Ranona-sy-ranona,*" na—na zavatra tahaka an'izany. Miezaka izy ireo ny hahafa-po ny hetahetany ao, rehefa tsy vitanareo izany. "Manana ny Ph.D. aho, LL.D. Manana ny Bakalorean'ny Literatiora aho. Manana an'ity aho." Tsara daholo izany. Saingy, ho ahy, izany dia midika mihitsy fa ianareo ilay miha-manalavitra an'Andriamanitra hatrany. Marina izany. Ilay miha-manalavitra an'Andriamanitra hatrany, foana!

130 Amin'ny alàlan'ny fahatsapana irery ihany no hahafantaranareo an'Andriamanitra. Tsy afaka mampianatra an'Ity ao anatinareo ianareo. Teraka ao anatinareo Izany! Zavatra anankiray izay omen'Andriamanitra anareo Izany. Tsy misy idiran'ny fampianarana amin'Izany. Ny iray amin'ireo lehilahy malaza ao amin'ny Baiboly aza dia tsy mahay manao sonia ny anarany akory, Masindahy Petera. Tena marina izany, izy sy Jaona, hoy ny Baiboly hoe, "Izy ireo dia samy bado sy tsy nianatra." Saingy sitrak'i Jesosy ny nanome azy ny fanalahidin'ny Fanjakana, satria nangetaheta an'Andriamanitra izy. Amena. Mangetaheta an'Andriamanitra, fiombonana. Eny, tompoko. Oh, oadray!

131 Mieritreritra an'i Isaia aho, ilay tovolahy, oh, tovolahy mahafinaritra anankiray, tao an-tempoly tao izy, indray andro.

132 Ilay mpanjaka malaza, natodiny teo aminy ny endriny ary nihevitra izy fa izy no iray amin'ireo lehilahy malaza indrindra. Fa, lehilahy malaza anankiray izy. Voataiza izy, raiamandreny tsara, reny tsara sy dada. Fa rehefa nandeha izy, nadio ny politikany, ary nanao zavatra marina niaraka tamin'Andriamanitra izy. Ary nijery azy Isaia ka nihevitra fa lehilahy malaza anankiray izy, nametraka azy ho ohatra anankiray. Fa aza mametraka (mihitsy) olona anankiray

ianareo, afa-tsy Jesosy Kristy Olona, ho Ohatrareo. Ny olona rehetra dia ho lavo. Afaka kelikely, tonga teo amin'ny faritra anankiray izy; izy dia—izy dia mpanjaka, saingy niezaka naka ny toeran'ny mpisorona anankiray izy ary niditra tao an-tempoly, ary tratry ny habokana izy.

133 Avy eo dia tena niahiahy i Isaia, koa dia niditra tao an-tempoly izy ary nanomboka ni—nivavaka, nieritreritra izy fa handeha ka hivavaka vetivety. Ary ankehitriny, jereo, io lehilahy io dia mpaminany; saingy tao amin'ilay tempoly tao dia nisy tovolahy anankiray, niantsoantso an'Andriamanitra izy, indray andro, ary nirotsaka teo anoloany ny fahitana anankiray. Ary rehefa nanao izany izy, dia nahita Anjely izy, Kerobima, niaraka tamin'Ireo tavany voasarona niaraka tamin'Ireo—niaraka tamin'Ireo elany, ary Ireo tongony voasarona, ary nanidina tamin'ireo elatra anankiroa. Ary nandroso sy niverina Izy ireo, ambony-sy-ambany tao an-tempoly, niantsoantso hoe, "Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha."

134 Ary Isaia, ilay hetaheta lehibe izay nananany, izy—izy angamba dia nampianarina. Izy—izy dia mety ho nanana fianarana tsara. Izy dia nanana ny—ny hevitra tsara indrindra ny amin'ny hoe mety ho toy ny inona Andriamanitra. Izy—izy dia nandre an'ireo mpisorona. Tao an-tempoly izy. Notezaina ho—ho mpino anankiray izy, saingy, hitanareo, tsy mbola tonga nifanatrika tamin'Io mihitsy izy taloha. Hitanareo? Izy—izy dia nanana faniriana anankiray ny hanao ny tsara. Te-ho marina izy, saingy ilay ampahany ara-pianarana no nananany. Nanana an'ilay ampahany ara-teolojia an'Izany izy.

135 Fa raha niditra tao amin'ny tempoly izy tamin'io andro io, ka nahita an'ireo Kerobima nanakopakopaka an'ireo elatra ireo aoriana sy aloha, ka nahalala fa ireo Anjely ireo dia nanompo teo anatrehan'Andriamanitra. Ary Ireo Anjely ireo dia tsy mba nahafantatra akory aza hoe inona izany ota izany, ary, mba hijoroana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, dia tsy maintsy nanarona ny Tavany masina Izy ireo, mba hijoroana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Avy eo dia niantsoantso io mpaminany io hoe, "Lozako, fa lehilahy maloto molotra aho. Ny teolojiako rehetra, ny teolojia sy ny zavatra izay nianarako, ny hevitro tsara indrindra izay nananako ny amin'Andriamanitra, mifanatrika amin'izany aho ankehitriny." Hoy izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho, ary mitoetra eo amin'ny olona maloto molotra aho." Ireo fampianaran'izy ireo ny lalàna rehetra, sy ireo zavatra izay nananan'izy ireo, dia tsy tonga mihitsy hatreo amin'ny toerana izay nidirany teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, sy nahita an'Andriamanitra tamin'ny masony manokana; ary ny Ebaneban'akanjony, rehefa nipetraka teo amin'ny Avo Izy,

tany An-danitra. Ary teo izy, mifanatrika amin'ny zava-misy. Ary niantsoantso izy hoe, "Lehilahy maloto molotra aho, ary mitoetra eo amin'ny olona maloto molotra aho."

136 Avy eo dia ireo Kerobima no naka an'ireo tandra, sy arin'Afo avy teo amin'ny alitara, ka nikasika an'ireo molotra maloto ireo. Ary nanova azy avy amin'ny kanosa anankiray, na avy amin'ny lehilahy nianatra anankiray, mpampianatra anankiray, ho mpaminany iray izay nahafahan'ny Tenin'Andriamanitra niteny tamin'ny alàlany. Azo antoka, raha mbola teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy, dia zavatra anankiray hafa Izany. Ilay hetaheta izay nananany, dia tonga hatreo amin'io toerana io tamin'izany, hany ka feno an'Izany izy.

137 Ary mamelà ahy hiteny aminareo, sakaiza, fa tsy ahoako na firy na firy fiangonana hikambananareo, na firy na firy anarana apetrakareo ao, iza no làlana izoranareo, na nofafazana ianareo, natao batisa, na inona ianareo na inona; mandra-pihaonanareo amin'io Olona io, Jesosy Kristy! Izay, izay ihany no zavatra tokana izay tena hahafa-po.

138 Ny fihetseham-po tsy hahavita an'izany; afaka mitsambikina ambony-sy-ambany ianareo ka mihiakiaka ela be arak'izay tianareo, na afaka mihazakazaka ambony-sy-ambany ao amin'ilay rihana ianareo, ary afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra betsaka arak'izay tianareo ianareo. Ary masina sy tsara ireo zavatra ireo. Izao tsy milaza—izaho tsy milaza na inona na inona manohitra an'izany. Saingy mandra-pihaonanareo amin'io Olona io, io Ampahany mahafa-po io, io Zavatra izay mandray ny hozatra rehetra ao amin'ny vatanareo io; tsy amin'ny alàlan'ny fihetseham-po, fa amin'ny alàlan'ny fahafaham-po!

139 Nahita takela-by kely anankiray aho taloha, nanao hoe, "Raha mangetaheta ianareo, dia manaova hoe Parfay." Nisy zava-pisotro kely anankiray taloha, fony aho mbola zazalahy kely, nantsoina hoe Parfay. Tsaroako aho nandeha teny an-dàlana, oh, avy nanjono, niakatra avy teo amin'ilay dobo aho, rano mihandrona tranainy. Ary efa saiky maty noana mihitsy aho, ka nahita takela-by anankiray aho nanao hoe, "Raha mangetaheta ianareo, manaova fotsiny hoe Parfay." Nanomboka niteny aho, "Parfay, Parfay." Niha-nangetaheta foana aho. Ary izaho—izaho . . . Hitanareo, izaho—izaho—izaho dia niha-toy izany hany ka tsy afaka nandrora intsony aza aho, afaka kelikely, izaho tena—tena nangetaheta.

140 Eny, hitanareo, tsy hahavita an'ilay izy izany. Tsy misy na inona na inona hahafa-po an'izany. Tsy ahoako, afaka misotro kôkà ianareo, afaka misotro an'izay zavatra rehetra tianareo ianareo, miaraka amin'ireo nohamamiana tamin'ny rano misy karbonetra, sy ny sisa, tsy misy na inona na inona izay hahafa-po ny hetaheta tahaka ny rano

mampangatsiatsiaka tsara, mangatsiaka an'ny renirano anankiray. Izany no hampitony an'io hetaheta io. Ireo zavatra hafa sisa rehetra ireo dia solony.

141 Ary nahoana isika no te-haka solony anankiray, nefa misy ny tena batisa marin'ny Fanahy Masina izay mahafa-po ny hozatra rehetra sy ny faniriana ao amin'ilay fanahin'ny olona? Avy eo dia mijoro tsara eo anatrehan'ny fahafatesana, tahaka ny nilazan'ilay Apostoly Paoly lehibe hoe, "O ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao? Ary, ry fasana, aiza ny fandresenao? Fa isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika!" Izany no fahatsapana, rahalahy, izay mahafa-po an'io fahanginana masina io izay. . .na io hetaheta masina izay ao anatinareo io. Izany no mahafa-po an'io. Tsy mila manao zavatra hafa mikasika an'io ianareo. Hia, Izany no manadio ny molotra.

142 Ary misy, ihany koa, ny olona izay miaina fotsiny eo ambonin'ny fihetseham-po, eo ambonin'ny. . .Hoy ny olona sasany hoe, "Eny, manana betsaka an'izany izahay ao amin'ny hetsikay Pentekotista." Ary hiditra ao izy ireo, izay mahafinaritra, hitehatehaka ny tànany izy ireo [Mitehaka ny tànany Rahalahy Branham—Mpand.] ary mitendry zava-maneno. Mijanona ny zava-maneno, "sh, fioo," tonga eny amin'ny zavatra rehetra eny ny rano iray siny, hitanareo. Ankehitriny isika—isika dia manao an'izany, isika—isika dia miditra ao anatin'ny fahazarana anankiray eo am-panaovana an'izany. Isika dia, isika—isika. . .Lasa iray amin'ireo fanaontsika fotsiny ilay izy.

143 Mamelà ahy hiteny zavatra anankiray aminareo. Rehefa manompo an'Andriamanitra ianareo, ao amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana, rehefa lasa *fanao* anankiray ho anareo ny fanaovana an'izany, satria mihevitra ianareo fa *tsy maintsy* hanao an'ilay izy; satria mihevitra ianareo, fa rehefa tsy mihiakiaka ianareo, na mitsambikina ambony-sy-ambany, na mandihy miaraka amin'ny zava-maneno, dia hihevitra ny eo akaikinareo fa niverin-dàlana ianareo; misotro avy eo amin'ny renirano mihandrona anankiray izay ianareo. Marina!

144 Mandra-pamenon'Izany ny hozatra rehetra, mandra-piboiboikan'ilay Fanahy Masina ao anatinareo; tsy ahoako na mandeha ny zava-maneno, na mitendry ny *Akaiky kokoa, Anao, Andriamanitro* izy ireo, na inona izany na inona, dia mampaneno foana an'ireo lakolosin'ny voninahitra ao anatin'ny fonareo ilay Fanahy Masina. Izany no mahafa-po. Izany no Ampahan'Andriamanitra mahafa-po. Ny zavatra rehetra ankoatran'Io, dia vita ny aminareo.

145 Afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely ianareo, afaka manome ny fanananareo rehetra hamahanana ny mahantra ianareo, afaka maminany ianareo,

ary afaka manana ny fahalalana ianareo, mahafantatra ny zava-miafina rehetra sy ireo zavatra rehetra ireo, fa ho lasa tsinontsinona foana ianareo (Korintiana Voalohany 13) mandra-pahazo an'io Zavatra mahafa-po io izay hany afaka hampitony an'io hetaheta io.

146 "Ny fanahiko mangetaheta an'Andriamanitra velona, tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony. Raha tsy mahita an'Io aho, dia ho faty aho." Raha ho noana an'Andriamanitra tahaka an'izany ianareo, dia hisy zavatra hiseho. Tsy maintsy hitarika anareo ny Fanahy Masina ho eo amin'ireo loharano lehibe an'Andriamanitra. Eny, tompoko.

147 Ankehitriny, misy zavatra tsara anankiray, ny manompo ao amin'ny Fanahy. Marina izany. Saingy indraindray ianareo dia manana ny Fanahy tsy misy ny Fahamarinana. Masindahy Jaona 4, manao hoe, "Manompo an'Andriamanitra isika, Fanahy sy Fahamarinana." Ary Jesosy no Fahamarinana. Tena marina izany. Ary Izy no Teny.

148 Ireo renirano izay nalefan'Andriamanitra hahafa-po anareo, ao amin'ilay ara-boajanahary, dia i Satana no nandoto ny tsirairay amin'izy ireo. Nasiany zava-mahadomelina misy poizina tao amin'ny tsirairay izay azony nidirana. Marina izany. Nalainy io renirano lehibe io, an'ilay fiangonana.

149 Izany, izany ilay fomban'Andriamanitra. Hoy Jesosy hoe, "Eo ambonin'ity Vatolampy ity no Hanorenako ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy."

150 Ankehitriny dia misy adi-hevitra samihafa momba an'izany. Ny vahoaka Romana, ireo Katolika manao hoe, "Naoriny teo ambonin'i Petera Izany." Hitanareo, raha izany no izy, niverin-dàlana i Petera, tao anatin'ny andro vitsy. Koa, tsy izany Io. Azo antoka fa tsy niorina teo ambonin'i Petera Izany, *Petra*, ilay vato kely. Ary ireo Protestanta dia milaza, fa, "Naoriny teo ambonin'ny Tenany Izany, Jesosy Kristy." Tsy hoe te-ho hafa tsy akory, fa tsy mifanara-kevitra amin'izy ireo aho. Tsy nanorina an'Izany teo amin'ny anankiray amin'ireo mihitsy Izy.

151 Izany dia Naoriny teo ambonin'ny fanambarana ny amin'ny hoe Iza Izy. Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona, zanak'i Jonasy, fa tsy ny nofo aman-drà mihitsy no naneho an'izany taminao, fa ny Raiko izay any An-danitra no naneho an'izany taminao." Tsy tamin'ny fahalalana! Tsy nianaranao tamin'ny boky Izany. Tsy nianaranao tamin'ny fikambanana amin'ny fiangonana Izany. Tsy nianaranao tao anatin'ny hiakiaka Izany. Ianao dia. . .Fa ny Fanahy Masina Tenany mihitsy no nitondra an'ilay Vatan-tenan'i Jesosy Kristy teo aminao, noho izany, "Eo ambonin'ity Vatolampy ity no Hanorenako ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Io hetaheta masina io dia afa-po tao amin'ny

Vatan-tenan'i Jesosy Kristy. Eo ianareo izao. Izany ilay zavatra izay tiantsika ho tadiavina, hahafa-po an'io hetaheta io amin'Izany. Eny àry, hitantsika fa isika dia tsy maintsy.

152 Ny fahalalana? Oh, oadray! Ny fahalalana dia zavatra lehibe anankiray, mameno isika, ary ankehitriny dia feno an'izany isika. Saingy hitanareo, ny fahalalana . . . tahaka ny nolazaiko indray andro, niresaka an'ilay lohahevitra ny amin'ny fahalalana. Nisy lehilahy anankiray nitsangana tany ivelany, niresaka tamin'ny namako anankiray tany, nanao hoe, "Raha tsy mino ny fampianarana ny olona anankiray, nahoana izy no mamaky ny Baiboly?" Izy ireo . . .

153 Nieritreritra aho hoe, "Eny, raha tsy azon'izy ireo izay nolazain'ny Tompo Jesosy, dia ahoana no hahazoan'izy ireo olona donto anankiray tahaka ahy, izay lazaiko?" Tsy afaka nahazo Azy izy ireo, mazava tahaka ny naha-izy Azy.

154 Nilaza Izy indray andro hoe, "Raha tsy mihinana ny vatana ianareo, ny Rà, misotro ny Rà sy mihinana ny vatan'ny Zanak'olona, dia tsy manana Fiainana ao anatinareo ianareo." Tsy nanazava an'Izany Izy. Lasa Izy nandeha. Marina izany. Hitanareo?

155 "Eny," hoy izy ireo, "mpihinan'olona io Lehilahy io. Tiantsika Izy . . . hihinana ny Vatany, hisotro ny Ràny. Mpisotro ràn'olona Izy. Hitanareo, Tiany ho lasa mpisotro ràn'olona isika." Hitanareo? Ireo manam-pahaizana ireo!

156 Saingy hoy Izy hoe, "Ny Ondriko mihaino ny Feoko." Hitanareo, homena ny Voafidy Izany, Andriamanitra no nifidy tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha. "Ary ireo izay ny Ray . . . Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy ny Ray no mitarika azy. Ary ireo rehetra izay nomen'ny Ray Ahy, dia hanatona izy ireo, hahazo an'Izany izy ireo."

157 Ireo mpianatra ireo dia tsy afaka nahazo an'Izany, saingy nino an'Izany izy ireo. Hitanareo? Marina izany. Raha mino an'Izany ianareo! Betsaka ny zavatra tsy mety azoko. Mino an'Izany aho, na izany aza, hitanareo, satria Andriamanitra no niteny fa izany Io.

158 Ny fahalalana. Fantatrareo, ny fahalalana no filazantsaran'i Satana. Efa fantatrareo ve izany? Nitory an'izany izy tao amin'ny sahan'i Edena, tamin'i Eva, ary voafitaky ny filazantsaran'ny fahalalany izy. Ankehitriny, ary nandoto ny taranak'olombelona manontolo, niaraka tamin'izany. Tena marina izany. Nandray ny fandaharam-pampianarana izy ireo, ka nampiditra an'izany tao amin'ny fiangonana. Tsara daholo izy ireo *tany*, saingy tsy ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsia, tompoko. Tsy mahalala an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny fampianarana ianareo. Tsy mahalala an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny—amin'ny alàlan'ny—amin'ny alàlan'ny hoe ahoana, ny fianarana ny kajy sy ny fanononana teny lehibe ianareo.

159 Paoly, lehilahy mahay anankiray izy. Saingy rehefa nanatona an'i Kristy izy, ka nandray ny Fanahy Masina, dia nandeha tany amin'ireo Korintiana, hoy izy hoe, "Tsy tonga eto aminareo miaraka amin'ny teny mahataona avy amin'ny fahendren'olona aho," na dia afaka nanao an'izany aza izy. Hoy izy, "Tonga eto aminareo amin'ny hery sy ny fanehoana ny Fanahy Masina aho, mba ho amin'Andriamanitra ny finoanareo, fa tsy ao amin'ny fahendren'ny olona sasany."

160 Ankehitriny indraindray isika dia manao ny fandaharan'ny fiangonana, mangataka avy amin'ireo—ireo pasterany izy ireo. Ilay fiangonana dia hifidy ny pasitera, hoy izy ireo hoe, "Eny, ity pasitera ity, ankehitriny, izy dia manana ny diplaoma anankiroa tao amin'ny sekoly ambony. Izy dia nianatra efa-taona ny momba ny ara-tsaina. Nahazo an'*ity* izy, *itsy*, ny *hafa*." Ary io karazana lehilahy io no ho fidian'izy ireo (nahoana?) raha tokony ho pasitera izay mino ny Tenin'Andriamanitra ho tsindrimandry sy ho Andriamanitra, ka hitory ny Teny ka tsy hijery hoe ahoana no fahatsapan'ny olona an'Izany.

161 Niteny tamin'i Ezekiela Andriamanitra, fantatrareo, nanao hoe, "Torio izany na mino an'Izany izy ireo na tsia. Torionao Izany, na izany aza." Hitanareo? Marina. Na hanaiky an'Izany izy ireo, na tsia, tsy izany ilay izy. Tsy nanaiky an'i Jesosy izy ireo. Nanohy fotsiny izy, nitory an'Izany tahaka ny teo ihany. Hitanareo?

162 Raha tokony ho pasitera izay tena hitory ny Teny sy hino an'Andriamanitra, izy ireo—izy ireo—izy ireo dia miezaka ny mampiditra an'ilay—ilay mahay, ilay lehilahy izay nanana ny fianarana tsara indrindra; ilay lehilahy izay afaka hitsangana eo amin'ny polipitra ka tsy haka afa-tsy dimy ambin'ny folo minitra fotsiny, mba hahafahan'izy ireo mody any an-trano haingana avy hatrany, ka handeha (ny sasany) hanao zavatra hafa, ary afaka maka ny fintany mahamay i Ricky dia manomboka, ka afaka mandeha any amin'ireo fetin'ny twist sy ny sisa izy ireo. Ary izany dia, oh, izany dia—izany dia izao fotsiny—izany dia tsy inona fa fandotoana ara-pianarana nafangaro anankiray fotsiny. Marina izany. Izany tanteraka tokoa izy io. Marina izany. Fa inona ilay izy? Izany no mahafa-po ny tsiron'izy ireo, hitanareo, izany no mahafa-po ny tsiron'ny mpikamban'ny fiangonan'izao tontolo izao.

Tsy mahafa-po ny tsiron'ny masina anankiray izany. Handray ny Teny isan'andro izy!

163 Fa hoy izy ireo hoe, "Oh, eny, ireo olona ireo dia somary very kely ny sain'izy ireo." Hitanareo, izy ireo dia tena tsy, izy ireo dia tsy mahazo an'ilay izy. Izy ireo, izy ireo dia miezaka ny miaina ao anatin'ny andro lasa anankiray.

164 Tsy hafahafa ve ilay izy! Tonga teto aho tany Andrefana, ary mahita fa izy rehetra dia miezaka miaina ao anatin'ny andro lasa

anankiray, tian'izy ireo foana ny sasany amin'ireo fanao tranainy tamin'ny andron'ireo mpiandry omby. Ary nankany Kentucky aho, ireo fanao tranainy tamin'ny andron'ireo mponina any an-tendrombohitra, dia tian'izy ireo ny hanao tahaka an'izany, manana fandaharana ny amin'izany izy ireo. Saingy rehefa tonga eo amin'ilay fanao tranain'ny Fivavahana ilay izy, dia tsy mila na inona na inona mikasika an'Izany izy ireo.

165 Andron'ny fanao tranainy? Tonga teto aho tamin'ny andron'ny tolon'omby, dia nahita aho fa nanana vehivavy lehibe anankiray izy ireo teo, ilay zavatra maintsomaintso eo amin'ny masony, ary ny volony tapaka fohy, sigara iray eny am-bavany. Fa, raha ireo tany amin'ny andro fahiny no nahita an'izany, dia hieritreritra izy ireo fa tratry ny homamiadana any ho any izy io. Izy ireo, izy ireo dia—izy ireo dia—izy ireo dia hampiditra azy io. Ahoana moa raha handeha hivoaka ny reninareo, miakanjo tahaka ny fiakanjonareo sy ny zanakareo vavy amin'izao andro izao, inona no hiseho? Hampidirin'izy ireo any amin'ny hopitalin'ny very saina izy io. Azo antoka, fa hivoaka tsy manao zipo izy io. Eny, tsarovy ankehitriny, zavatra mitovy amin'izany ny amin'izao fotoana izao.

166 Mihalo ao amin'ny nofony ireo lehilahy. Raha tonga eo amin'ny fahamatoran-taona izy ireo, eo anelanelan'ny roapolo sy dimy amby roapolo taona, dia mihalo ihany koa ny ati-dohan'izy ireo. Izy ireo dia tsy manana . . . Ho toy izany ny olona ka tsy manana fahalalana ampy. Tsy fantatr'izy ireo ny dikan'ny hoe fahamaotinana. Tsy fantatr'izy ireo ny fahasamihafana eo amin'ny tsara sy ny ratsy. Ary, oh, na dia, ireo fandaharam-pampianarany aza, izy ireo . . .

167 Fantatrareo ve, fa ny fampianarana, azoko porofoina aminareo izany, dia avy amin'ny devoly? Tsy ilay mamaky sy manoratra akory; fa, ny tiako ho lazaina, dia ilay mampiditra an'ireo fampianarany ao amin'ny fiangonanareo.

168 Inona no ifotoran'ny kominisma? Ny siansa, fampianarana, izany no andriamaniny. Satana, hitanareo, izany no natolony an'i Eva. Izany no mbola tazonin'izy ireo.

169 Ankehitriny dia tafiditra ao amin'ny fiangonantsika izany, tafiditra ao amin'ireo Batista, Metodista, ary Presbyterana, Pentekotista, sy ny rehetra. Fampianarana anankiray, ara-tsaina, *izao-sy-izao* malaza anankiray sy ny zavatra tahaka an'izany, izany dia manipy azy mihitsy hanalavitra an'Andriamanitra. Ratsy izany. Eny, tompoko. Ankehitriny, hitantsika, fa (izy ireo) izany no mahafa-po ny fanirian'izy ireo. Rehefa ny—rehefa ny—ny fiangonana no mifidy zavatra tahaka an'izany, dia izany no haneho hoe inona no ao anatin'ny sain'ilay fiangonana, inona ireo faniriany, inona ilay mampangetaheta azy ireo. Tian'izy ireo ny hilaza hoe, "Ny pasiteranay dia malala-tsaina. Tsy raharahany ny fiarahanay mandro, ary miaraka aminay izy."

170 Zazavavy kely anankiray no niteny tamin'i Sarah-ko, indray andro. Tany Afrika ny pasiterany; ary rehefa niverina izy, dia nalany ireo akanjony, tamin'io alina io, zavatra kely manara-batana no nanaovany, ary nanao an'ilay watusi ho azy izy, mba hampifalifaly azy satria tany Afrika izy. Ny Watusi dia foko anankiray any, fantatrareo. Ry tovolahy, dia ho tiako ve ny hahita ny iray amin'ireo zazavaviko, ao amin'ny fiangonako, hanandrana ny hanao zavatra tahaka an'izany, watusi?

171 Hitanareo, izany no haneho! Ary ny pasitera anankiray hipetraka ka hijery ny anankiray ao amin'ny fiangonany, zazavavy kely (enina ambin'ny folo na valo ambin'ny folo taona) eo nanala akanjo tahaka an'izany, ary mamela azy hilamindamina miaraka amin'izany, izany no maneho fa nivoaka avy tamin'ny lavapiringa anankiray izy, ny tenany, ny lehilahin'Andriamanitra anankiray manao zavatra tahaka an'izany. Izany tokoa.

172 Toa henjana izany, saingy fantatro fa izaho dia mitory eran'ny firenena, ihany koa. Saingy ianareo ihany koa dia mahafantatra, rahalahy, ranabavy, mamelà ahy hiteny aminareo, fa izany no Fahamarinana.

173 Ny voltora dia mila zavatra maty. Marina izany. Ary maty izany! Tena marina izany. Maneho mazava, izany no maneho mazava mihitsy eto hoe iza no lohan'izy ireo sy ny toeram-pitilian'izy ireo, inona no omen'izany ho azy ireo, hitanareo, inona no ao anatin'ny fanahin'izy ireo. Maniry zavatra tahaka an'izany ny fanahin'izy ireo.

174 Maniry fiangonana ambony ara-tsaina anankiray ny fanahin'izy ireo, izay misy an'ireo olona tsara akanjo, ka ny pasitera dia haka dimy ambin'ny folo minitra, na roapolo. Ary raha mihoatra an'izany ianareo, dia ho tarihin'izy ireo eo amin'ny filan-kevitry ny diakona izy. Ary tsy mahazo milaza na inona na inona mikasika ny ota izy. Tsy mahazo milaza na inona na inona mikasika ny fanaovana sorta izy, ary tsy hilaza na inona na inona mikasika an'ireo olona izay nanao an'*ity*, *itsy* na ny *hafa*. Tsy mahazo milaza an'izany mihitsy izy. Raha manao an'izany izy ireo, dia ho roahin'ny filan-kevitra izy. Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Izany ilay fanatatavanan'ny lehilahy misaina azy ireo.

175 Nilaza ny Baiboly, ao amin'ny Jaona Voalohany 2:15, "Raha tia ny rafitr'ity izao tontolo izao ity ianareo, na ny zavatr'ity izao tontolo izao ity, dia satria tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra."

176 Ankehitriny ahoana ny amin'ity zava-dratsy rehetra hataon'izy ireo amin'izao fotoana izao ity, amin'ny anaran'ny fiangonana; manao dihy efa-joro ao anatin'ny fiangonana, loto, bingo, fety, dihin-jatovo rock-and-roll, twists, ireo zavatra rehetra ireo! Jereo io Elvis Presley io,

devoly anankiray mitsangana amin'ny kirarony! Pat Boone, Ricky Nelson, ilay fitrosana lehibe indrindra izay mbola tsy nananan'ity firenena ity hatramin'izay! Marina izany. Hoy izy ireo hoe, "Oh, tena mpivavaka izy ireo, mihira hira Kristiana izy ireo." Tsy tokony izy ireo. Ny—ny fiangonana dia tsy tokony hamela zavatra anankiray tahaka an'izany akory aza! Ny sasany amin'ireo ankizilahy dia mandeha any, ary—ary izao hariva izao izy ireo dia ao anatin'ny—ny trano fandihizana eto, mandihy sy mitendry zava-maneno sy ny sisa, ary ny hariva manaraka dia manatona ny alitara izy ireo dia mitomany, ary ny hariva manaraka dia mitendry zava-maneno eo amin'ny lampihazo. Oh, miantrà, mamindrà fo! Hatraiza no hahafahan'ny fahalotoana, hatraiza no hahafahan'ny faholotoana handeha, na izany aza? Eny, tompoko. Porofoy aloha ny maha-lehilahin'Andriamanitra, fa tsy ireo zavatra rehetra ireo satria fotsiny hoe mahay mitendry gitara tranainy anankiray izy na zavatra anankiray.

177 Amin'ny alàlan'ny fanirianareo, dia afaka miteny ianareo hoe iza no eo amin'ny seza fiandrianan'ny fonareo. Amin'ny alàlan'izay tianareo, dia izany no miteny. Ianareo, ianareo manao hoe, "Eny, heveriko fa tsara daholo ireo zavatra rehetra ireo, Rahalahy Branham." Eny, tsarovy fotsiny ankehitriny, ao anatin'ny fonareo, dia fantatrareo izay ao. Eny, tompoko. Amin'ny alàlan'izay mamahana ny fanahinareo, izay mampangetaheta ny fanahinareo, ka hitanareo fa izany no mahafa-po an'io; raha tsy ity Teny ity ilay izy, dia misy zavatra tsy mety ao izany, satria ny Teny irery ihany no iveloman'ny Fanahy Masina. Hitanareo?

178 Tiako ianareo hahita loza lehibe anankiray hafa, mialoha indrindra ny hamaranantsika, raha toa ianareo ka tsy—raha toa ianareo ka tsy diso tamin'ireo zavatra izay nolazaiko ireo, ary, izany dia, ny loza noho ny nanaovana tsirambina ny hetaheta. Hitanareo? Hoy ianareo hoe, "Manana hetaheta masina anankiray aho. Saingy izaho—izaho tsy diso, Rahalahy Branham, ny amin'ny nandehanana sy nikambanana tamin'ny fiangonana, ary ireo zavatra tahaka an'izany." Saingy, hitanareo, ny manao tsirambina ny hetaheta anankiray! Raha manao tsirambina ny hahafa-po ny hetahetan-drano anankiray ianareo na sakafo, dia ho faty ianareo. Ary raha manao tsirambina an'io hetaheta ao anatinareo io ianareo, an'Andriamanitra, dia ho faty ara-panahy ianareo.

179 Mitady fifohazana ianareo, miandry ny fiangonanareo hahazo fifohazana anankiray ianareo. Eny, izany dia tsy—izany dia tsy fifohazana ho anareo. Ny fifohazana dia tokony hanomboka mihitsy ao anatinareo, rehefa manomboka mangetaheta an'Andriamanitra ianareo. Mety tsy hisy mpikambana anankiray hafa, an'ilay fiangonana, mila an'io

fifohazana io. Raha tsy miseho ao anatinareo izany, dia hiseho any amin'ny toeran-kafa izany. Hitanareo? Saingy, hitanareo, ianareo no manao tsirambina an'ilay hetaheta.

180 Ataonareo tsirambina ny fiterena ny ombivavy, rehefa ny ombivavy no . . . feno ronono ilay lohanono; ka raha avelanareo hijanona tahaka an'izany io ombivavy io, dia ho maina izy. Tena marina izany. Raha ataonareo tsirambina ny maka rano fisotro, manao hoe, "Tsy hisotro rano intsony mihitsy aho," dia ho faty ianareo. Ataonareo tsirambina ny mihinan-kanina, dia ho faty ianareo.

181 Noho izany raha ataonareo tsirambina ny manome ho an'ny Fanahy Masina ny Tenin'Andriamanitra, dia ho faty ianareo.

182 Ianareo Kristiana, ianareo Batista, Metodista, Presbyterana, Pentekotista, Assemblées de Dieu, an'ny Tokana, an'ny Roa, an'ny Telo, na inona ianareo na inona, hitanareo; tsy ahoako, tsy mampaninona ahy izany, tsy mihevitra an'izany aho tahaka an'Andriamanitra tsy mihevitra an'izany. Hitanareo, isam-batan'olona ianareo, zavatra iray ianareo. Tsy handeha ho any An-danitra amin'ny maha-fiangonana anankiray ianareo, na a—anaram-piangonana anankiray. Handeha ho any An-danitra ianareo amin'ny maha-olona tokana anareo, ianareo sy Andriamanitra. Izay ihany. Tsy ahoako izay fiangonana misy anareo.

183 Ary raha ataonareo tsirambina ny mamaky Baiboly sy mino ny Baiboly, sy mamahana ny Fanahy Masina amin'Izany, dia ho faty ianareo. Nilaza Jesosy ao amin'ny Masindahy Jaona 4:3; ny Soratra izay ananako mihitsy . . . Nilaza Jesosy fa, "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra," tsy ny ampahan'Izany fotsiny.

184 Haka anankiray isika, vetivety *eto*. Mpijapy Baiboly no fiantsoako azy ity. Hoy izy ireo hoe, "Eny, izaho mino an'*Ity*, saingy ankehitriny ndao isika handeha *eto*, hitanareo." Hitanareo?

185 Tsy maintsy raisinareo Izany, Teny ambonin'ny Teny. Hoy Jesosy hoe, "Ny olona dia hivelona amin'ny Teny izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Efa fantatrareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

186 Ary, fantatrareo, isika dia nanao—isika dia nanao ny andro izay iainantsika, isika—isika dia nanao an'izao andro izao . . . ho—ho—ho fanimbana ara-pivavahana.

187 Niantso ahy ny zanako vavy, vao tsy ela, ka nilaza tamiko hoe, "Dada," tao amin'ny trano tao ambadika, hoy izy hoe, "avia aty, hanana fandaharana ara-pivavahana anankiray isika." Ilay izy dia hira, hira fiderana, ary Ricky kely anankiray mamaky an'ilay izy teo. Ary raha tsy mbola nahita hetsika faniratsirana mihitsy aho hatramin'izay, dia io izany!

Ireo zatovolahy teo ireo, sy ny olona, dia manoatra noho ny fampisehoana rindran-kira anankiray. Noheverina ho foko Indiana anankiray ilay izy, fa dia nanohy teo izy ireo, ary—ary nitsambikina sy nifamely totohondry.

188 Aiza, lasa inona ilay fahatsoram-po, aiza ireo fomba fiderana tranainy izay nihirantsika taloha, sy nifaliana tao amin'ny Fanahin'Andriamanitra, ka ny ranomaso no nikoriana teo amin'ny takolatsika? Fa ankehitriny dia miezaka isika ny hihazona ny fofonaintsika mandra-pahatonga antsika tsy hanana fofon'aina intsony ao anatintsika, mandra-pivadiky ny tarehintsika ho mangana, mba hiezahana haneho fa isika no karazana mpihira anankiray. Hitanareo, naka tahaka an'ilay avy ao amin'ny Hollywood isika, sy ireo fandaharana rehetra izay hitantsika avy tamin'io hira fiderana ara-tsaina sy fampianarana feo io. Izaho—izaho dia tia mandre fihirana tsara; izaho dia tia mandre ny fomba tsara tranainy, avy ao am-po, fihirana pentekotista. Fa azoko antoka fa halako ny mandre an'io kiakiaka io izay antsoin'izy ireo hoe fihirana, amin'izao fotoana izao. Marina izany. Heveriko fa izany no zavatra tena mahatsikaiky indrindra. Fanimbana izany. Marina izany.

189 Tiako ny mahita lehilahy rehefa lehilahy izy. Halako ny mahita anankiray mivoaka miaraka amin'ny atin'akanjon'ny vadiny eto, ary miakatra eo amin'ny ilany; ary—ary fanodinam-bolo anankiray mihantona midina eto amin'ny anoloana eto, vonam-bolo be anankiroa mihantona midina tahaka ny sanga, tapaka eo anoloana. Izany, izaho—izaho tsy afaka hiantso an'izany ho lehilahy anankiray. Tsy fantany hoe ilany inona amin'ny taranaka no misy azy. Hitanareo? Marina izany. Mahita ny vehivavy ianareo, jereo, ny vehivavy dia miezaka manapaka ny, manamboatra ny volony mitovy amin'ny lehilahy; ny lehilahy miezaka manamboatra ny volony, ny sangany, mitovy amin'ny vehivavy. Ny lehilahy manao ny atin'akanjon'ny vadiny; izy manao ny akanjo fitondrany miasa. Hitanareo, fanimbana fotsiny, tena mifamadika.

190 Ary izany no zavatra mitovy izay eo amin'ny firenena, eo amin'ny olona, eo amin'ny fiangonana, eo amin'ny zavatra rehetra. O Andriamanitra! Aiza no fiafaran'ilay zavatra? Ny Fihavian'i Jesosy Kristy Tompo, izany no fiafaran'io.

191 Noho izany, raha ataonareo tsirambina ny mamahana ny Fanahy Masina amin'ny Tenin'Andriamanitra! Hoy Jesosy hoe, "Ny Teny rehetra dia ho avy amin'ny Fanahy Masina." Ary henoy ankehitriny. Raha miezaka hamahana an'Izany amin'ny zavatra diso ianareo, raha Izany no Fanahy Masina tena izy ao anatinareo, dia ho fantatr'Izany ilay fahasamihafana. Ankehitriny, tsarovy, ny Tenin'Andriamanitra no iveloman'ny Fanahy Masina. Tsy mivelona amin'ny hafanam-po Izany. Tsy mivelona amin'ny fampianarana Izany. Tsy mivelona amin'ny

fandehanana any am-piangonana Izany. Tsy mivelona amin'ny teolojia Izany. Misy fahasamihafana be dia be eo amin'ny zavatra anankiray ara-tsindrimandry sy ny fomba fijery ara-teolojia an'izany.

192 Ireo teolojiana rehetra tamin'ny andron'i Jesosy, oadray, nanana ny teny ambonin'ny teny izy ireo, pejy ambonin'ny pejy, voalahatra avokoa, ny Mesia dia tsy maintsy ho tonga amin'*ity* fomba ity! Izany marina tokoa ilay izy. Ary izy ireo, ny tsirairay, dia diso an'ilay izy. Fantatrareo izay nolazain'i Jesosy rehefa tonga Izy, nanao hoe, "Ianareo dia avy amin'ny devoly rainareo, ary ny asany no hataonareo."

193 Tsy voambara tamin'izy ireo hoe inona ilay tena Teny. Hitanareo, diso an'ireo fiolahan-dalàna kely ireo izy ireo, tahaka ny maha-diso azy ireo amin'izao fotoana izao. "Raha hikambana amin'*ity* ianareo sy mikambana amin'*ity*, dia ho tsara ianareo." Aza mino an'izany. Tsy maintsy mikambana amin'i Kristy ianareo. Ary raha misy Zavatra ao anatinareo ao, noana an'i Kristy!

194 Tsarovy fotsiny, rehefa tao anatin'ny kibon'ny rainareo ianareo, dia niaraka taminy ianareo tamin'izany. Saingy tsy nahafantatra anareo ny rainareo tamin'izany, ary ianareo tsy nahafantatra ny rainareo. Fa tsy maintsy tonga ianareo ary nateraka. Nanao fomba anankiray tamin'ny alàlan'ny reninareo Andriamanitra, ho an'ny—ny tany famafazana, ary avy eo dia tonga izany. Ary avy eo rehefa lasa lehilahy anankiray na vehivavy anankiray ianareo, na inona na inona ilay izy, tamin'izay fotoana izay ianareo vao nahalala ny rainareo, ary afaka nanana fiombonana taminareo ny rainareo.

195 Ankehitriny, tsarovy, raha manana ny Fiainana Mandrakizay ianareo, dia efa tao amin'Andriamanitra ny Fiainanareo tany am-piandohana. Ary, ny Fiainana, Andriamanitra dia ny Teny. Ary avy eo rehefa tonga nofo tao amin'i Jesosy Kristy ilay Teny, dia nidina Andriamanitra mba honina ao amin'ilay Vatany Manokana, nanao ny Tenany ho Zanak'Andriamanitra. Rehefa nidina Andriamanitra mba honina ao, dia tao Aminy ianareo rehefa voahombo Izy. Ary voahombo niaraka Taminy ianareo, ary maty niaraka Taminy teo Kalvary ianareo. Nalevina niaraka Taminy ianareo, teo amin'ilay tendrombohitra. Ary nitsangana niaraka Taminy ianareo, ny marainan'ny Paska. Ary ankehitriny dia miara-mipetraka ao amin'ny fitoeran-Danitra ianareo, ao Aminy, ary ankehitriny dia manana fiombonana Aminy ianareo. Hitanareo?

196 Andriamanitra Tenany no tonga isan-tsika. "Tsy nisy olona nahita ny Ray, na oviana na oviana, ny Lahitokan'ny (Zanaka) Ray no nanambara Azy." Izany hoe, Andriamanitra tonga Olona anankiray, mba Hahafahany miombona aminareo tahaka ny

olona. Hitanareo? Ary ankehitriny ianareo dia—ianareo dia nofo, ary Izy dia nofo. Tonga nofo teo anivontsika Andriamanitra, tao amin'ny Vatan-tenan'ny Zanany, Jesosy Kristy. Ary Andriamanitra no tao Aminy. Andriamanitra Izy, tsy misy afa-tsy Andriamanitra. Andriamanitra Izy. "Andriamanitra voaseho tao amin'ny Zanaka, Jesosy Kristy," izay nahatonga Azy ho *Imanoela*, araka ny nolazain'ny mpaminany fa ho izany Izy.

197 Ankehitriny hitanareo, noho izany, tsy maintsy nisy ianareo talohan'ny nanaovana an'izao tontolo izao, natao tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo. Koa noho izany inona no azonareo ho hanina? Ny Fanahy Masina dia mivelona amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy 22:19, hoy ny Baiboly hoe, "Izay manaisotra Teny anankiray amin'*Ity*, na manampy teny anankiray amin'Io, dia hesorina ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany." Hitanareo ve hoe toy inona ny halalin'ilay izy? Tsy vitanareo, ny Fanahy Masina tsy hivelona amin'ireo zavatr'izao tontolo izao.

198 Tahaka ny domoina anankiray sy ny goaika anankiray. Ny goaika dia mpihatsaravelatsihy lehibe. Ny goaika, io namana io dia afaka mivoaka eto ary afaka mihinana varimbazaha indray andro manontolo; ary mandeha ery ka manidina eo ambonin'ny faty, ilay fatim-biby tranainy, ka mihinana an'izany ihany koa. Afaka mipetraka any an-tsaha izy ary afaka mihinana miaraka amin'ny domoina, varimbazaha, dia mandeha any ka mihinana eo amin'ilay fatim-biby.

199 Fa ilay domoina kosa dia afaka mihinana varimbazaha indray andro manontolo, saingy tsy afaka mihinana eo amin'ny fatim-biby izy, satria domoina anankiray izy. Ary ny domoina dia tsy manana afero. Zavatra kely anankiray avy amin'io fatim-biby io, dia hamono an'ilay domoina izany. Hitanareo, tsy manana afero izy. Ary tahaka an'izany ilay fomba, tsy misy fangidiana.

200 Izany ilay fomba eo amin'ilay tena, Kristiana tena izy. Tsy mila an'ireo zavatr'izao tontolo izao izy ireo. Ny Tenin'Andriamanitra fotsiny no haniny, ary Izany irery ihany; izay madio, ilay Fanatatavanan'ny lehilahy misaina. Hitanareo, mandalo eo amin'Izany izy ireo, ary Izany irery ihany. Ireo zavatra maty an'izao tontolo izao, dia maimbo izany amin'izy ireo.

201 Jereo ilay goaika antitra tamin'ny andron'ny fandravan'ny safo-drano, manidina avy eo amin'ny vatana mankany amin'ny vatana, mihinana an'ireo fatim-biby tranainy, tsy niverina tao amin'ilay sambofiara izy. Fa ilay domoina kosa dia tsy nahita fitsaharana ho an'ny tongony, hitanareo, niverina tao amin'ilay sambofiara izy izay nahazoany voan-javatra. Ary izany no fomba ataontsika, mivelona amin'ny Tenin'Andriamanitra isika.

202 Ao amin'ny Salamo 42. Tsy maintsy nanoratra an'ity Salamo ity i Davida, Salamo 42, rehefa mpandositra anankiray izy, rehefa nilaza izy hoe, "Mangetaheta Anao ny fanahiko, tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony." Jereo, niantsoantso izy. Mpandositra anankiray i Davida. Izy dia . . . Nanana an'ilay hosotry ny diloilo izy teo aminy, fantany fa ho lasa mpanjaka izy. Nanosotra azy ho mpanjaka ilay mpaminany. Ankehitriny mariho, ary teo izy, nanana andiana miaramila kely izy, avy amin'ny Jentilisa, sy ny sisa, izay teny an-tampon'ny tendrombohitra. Ary, ilay tanàna malalany manokana, noho ny fahotan'izy ireo, voambin'ny Filistina manodidina izy ireo. Ary Davida, tamin'izany andro mahamay izany, tsy maintsy izany io rehefa nanoratra an'ity Salamo ity izy, "Tahaka ny ombimanga maniry ny rano an-ony."

203 Mariho i Davida tao amin'io toerana io. Nijery ambany izy, nijery ny tanàna malalany izy. Ary tsaroany fony izy mbola zazalahy kely, nitondra ny ondriny teo akaikin'io dobo teo io izy taloha. Io no lehibe, lehibe amin'ny faritra misy rano, ary koa faritra misy mofo, tany. Marina tokoa, *Betlehema*, dia midika hoe, "ilay tranon'ny Mofon'Andriamanitra." Koa dia rehefa tsaroan'i Davida ilay fandalovana teo sy fisotroana an'io rano mangatsiatsiaka tsara io, fa indro izy mipetraka eto ambony eto ankehitriny, mpandositra anankiray, lavitry ny olony manokana. Tsy nanana toerana haleha izy, ary tsy maintsy ho niantsoantso an'io rano mangatsiatsiaka tsara io ny fanahiny.

204 Nanana mpanompo vitsy izy teo izay, oadray, ny kely indrindra amin'ny faniriany fotsiny dia efa baiko anankiray. Ary izy ireo, ny telo tamin'izy ireo, dia niady nitady làlana nandalo teo amin'io laharan'ny Filistina io; dimy ambin'ny folo maily, fito maily, na zavatra anankiray, mandroso sy miverina; nanapaka izay teny amin'ny làlan'izy ireo, ka nitondra zava-pisotro avy tamin'io rano io. Saingy ilay fanahy no nangetaheta . . .

205 Ny vatany, dia teo ambony teo, angamba tsy maintsy nisotro avy amin'izay zavatra mety ho azony izy, hoditr'osy tranainy sy ny sisa, nisy rano mafana tao anatiny, tamin'io andro mahamay io. Nieritreritra izy hoe, "Raha mba afaka mandrimandry fotsiny mantsy aho ka hampitony an'ity hetaheta izay ananako ity! Raha mba afaka midina eo Betlehema eo fotsiny mantsy aho ka mandrimandry eo akaikin'io loharano io, ary misotro!"

206 Ary rehefa nidina izy ireo ka naka rano, ary nitondra an'izany niverina, dia niha-mafy kokoa ilay hetahetan'ny fanahiny, tsy ho an'i Betlehema tsy akory, fa izay avy tao Jerosalema; no nampangetaheta ny fanahiny. Noho izany dia nataony fanatitra ilay rano, hoy izy, "Tsy te-hisotro an'ity akory aza aho." Nararany teo amin'ny tany ilay izy. Hitanareo, Andriamanitra no nampangetaheta kokoa ny fanahiny, noho

ny hahafa-po an'ilay fampitonian'ny tsara . . . ny hetahetan'ny vatany, amin'ny rano mangatsiatsiaka tsara. Nararany tamin'ny tany ilay izy.

207 Hitanareo, ilay Tranon'Andriamanitra, ireo rano mampangatsiatsiaka an'i Jerosalema, izay any ambony! Jesosy no nilaza, ao amin'ny Jaona 6:33, "Izaho no, Mofon'Aina. Izaho no Mofon'Aina." *Betlehema*, "tranon'Andriamanitra," ny fiangonantsika, tranon'Andriamanitra eto an-tany, ilay fiangonana izay eto ambonin'ny tany eto. Tiantsika ny mandeha any amin'ilay fiangonana eto an-tany eto, saingy lehibe kokoa i Jerosalema, izay any ambony, izay Andriamanitra. Jerosalema any ambony, izay Andriamanitra! Lehibe kokoa io hetahetan'ny fanahy io, ny ho any miaraka Aminy, noho ny hahafa-po fotsiny ny tenanareo amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana any ho any. Hitanareo, ny fikambanana amin'ny fiangonana anankiray dia tsy mahafa-po an'io hetaheta io. Nanaporofo an'izany Davida eto, ireo rano avy any amin'ny tranon'Andriamanitra mihitsy, hitanareo, nararany tamin'ny tany izany; mba hahita fitia, mba hahazo fisotro mangatsiatsiaka tsara avy amin'Andriamanitra. Na teo aza izany . . . Ny lehibe kokoa noho ny hetaheta izay ao anatinareo, dia ny hetahetan'ilay fanahy mangetaheta an'Andriamanitra.

208 Mariho Jerosalema, ilay teny. "Jerosalema dia avy any ambony," hoy ny Baiboly hoe, "izay isika no . . . dia ny Renintsika rehetra." Ary Kristy no Renintsika. Isika dia mahalala fa Andriamanitra no Renintsika, satria nateraka avy tao Aminy isika. Ilay teny dia midika fotsiny hoe "fiadanana," Jerosalema, *Shalom*. Na, *Shalom*, izay midika hoe "fiadanana," Jero-shalom, hitanareo, midika hoe, "fiadanana."

209 Tokony ho lehibe kokoa ny hetahetan'ny fanahy rehetra, ho an'ny ranon'Aina, noho ny miteny hoe mikambana amin'ny fiangonana anankiray ianareo; tsy mety ho afa-po ny hetahetan'ny fanahy, ilay tena hetaheta marina. Mety ho simba izany. Afaka *mieritreritra* ianareo fa mety tsara ianareo rehefa mikambana amin'ny fiangonana ianareo, saingy tsy izany Io. Tsy hahafa-po an'ilay hetaheta masina tena izy an'Andriamanitra izany. Tsy hahavita an'izany fotsiny io. Io fotsiny . . . Tsy ao fotsiny izany.

210 Ankehitriny Davida no nilaza, ao amin'ny Salamo 42:7 eto, "Rehefa ny lalina no miantso ny Lalina, noho ny firohondrohon'ny Riananao," ilay antson'ny fanahy.

211 Jereo, nampiasa an'ity matetika aho ho fanoharana anankiray. Raha misy vombona iray eo amin'ny lamosin'ny trondro anankiray, dia tsy maintsy napetraka teo aminy izany mba hilomanosany. Nila an'izany izy. Ankehitriny ahoana moa raha hilaza izy hoe, "Ho lasa trondro hafa anankiray aho. Ho lasa mahay anankiray aho, trondro nianatra. Ah-hah, izaho—izaho

fotsiny dia ho. . .Hino teolojia marina anankiray aho! Mino aho fa tsy tokony hanana an'ity vombona ity aho"? Tsy ho lasa lavitra ao anatin'ny rano izy, sa tsy izany? Ary tena marina tokoa izany.

212 Ahoana moa raha ny hazo anakiray no nanao hoe, "Ankehitriny, fantatro fa tsy maintsy nisy aloha ny tany anankiray, mba haniriako. Marina izany. Natao haniry eo amin'ny tany aho. Saingy ho lasa hazo hafa anankiray aho, tiako izy ireo hametraka ahy fotsiny eto afovoan'ny làlambe eto, mba hahatonga ahy ho voamarika"? Hitanareo, tsy ho ela velona izy. Hitanareo? Marina izany.

213 "Rehefa ny lalina no miantso ny Lalina": Mila betsaka noho ny fikambanana amin'ny fiangonana anankiray izany. Mila betsaka noho ny fandraisan-tànana amin'ilay mpitory teny izany. Mila betsaka noho ny miaina amin'ny fiainana tsara, mahitsy anankiray izany. Mila zavatra anankiray hahafa-po ao anatinareo izany, izay miraraka avy amin'Andriamanitra, mankao amin'ilay fanahy. "Ny lalina miantso ny Lalina, noho ny firohondrohon'ny Riananao, O Tompo. Ny lalina miantso ny Lalina!"

214 Karazana hetaheta inona no azontsika heverina fa tao anatintsika izao hariva izao? Isika, izay vahoaka Pentekotista, aiza ho aiza isika? Karazana hetaheta inona no ao anatintsika? Karazana hetaheta inona no ao anatiko? Karazana hetaheta inona no ao anatinareo? Aza miezaka ny mampangina an'io hetaheta masina an'Andriamanitra io.

215 Taona maro izay, rehefa nahazo volamena avy tao anatin'ny tendrombohitra izy ireo teto taloha. Namaky tantara anankiray aho, taona maro lasa izay, mbola miraikitra amiko foana ilay izy. Voalazany fa nisy ny—ny mpikaroka anankiray izay nandeha teto tany ambadiky ny tendrombohitra tany ho any, ary nikaroka volamena izy, ary nahita fitrandrahana manan-karena anankiray izy. Dia niverina izy, nieritreritra; rehefa tonga teo an-tanàna izy, ho lasa inona izy, dia hifarana avokoa ireo olany rehetra. Ary—ary izy—izy dia niezaka ny—ny hiteny hoe, "Rahampitso aho dia hiditra ary izaho. . . " Dia iray andro fotsiny sisa, dia hiditra ao an-tanàna izy, ary ho azony ilay volamena. Ary nahazo gony lehibe maro feno an'izany izy.

216 Nanana alika anankiray izy niaraka taminy. Tsy mampitaha ny alika amin'ny Fanahy Masina tsy akory, fa dia manao fanoharana anankiray aho. Saingy io alika io. . .

217 Nandritry ny alina, dia nandry teo amin'ny fandriany ilay mpikaroka, ary—ary nanomboka nieritreritra izy hoe, "Ankehitriny, rahampitso dia izaho—izaho no hitondra ny volamenako rehetra ao, ary dia ho tonga eo amin'izay tiako nahatongavana hatramin'izay foana aho. Izaho—izaho—izaho dia te-ho lasa olona mpanan-karena foana. Izaho—izaho dia te-hanana zavatra tsara, sy ny sisa."

218 Ary—ary tamin'izay dia nanomboka nivovo ity alika ity, ary satria nisy fahavalo anankiray nanatona. Ary izy—izy dia nivoaka teo, ary hoy izy hoe, "Mangina!" Ary dia nitony ilay alika. Ary vantany vao tafaverina teny am-pandriana fotsiny izy, vao nanomboka toy ny hoe handeha hatory izy, dia nanomboka indray ilay alika, nitsambikimbikina tamin'ilay rojo. Dia nandeha teo am-baravarana indray izy, nanao hoe, "Mangina! Tiako ho fantatrao fa rahampitso aho dia olona mpanan-karena anankiray, hitanao," ary izany no nofinofiny lehibe. Fa nanomboka nivovo indray ilay alika.

219 Ary farany, dia kivy loatra izy, lasa izy ary naka ny basiny ka nitifitra an'ilay alika, ary namono azy. Hoy izy hoe, "Tsy hisy ilaiko anao intsony, na izany aza. Rahampitso aho dia olona mpanan-karena anankiray. Ho lasa olona mpanan-karena anankiray aho, rahampitso."

220 Ary napetrany teo an-jorony ilay basy, natodiny tany amin'ny varavarana ny lamosiny, lasa natory. Ary ilay lehilahy nanaraka azy, nandritry ny andro maro, dia nisitrika ary namono azy. Tsy olona nanan-karena izy, hitanareo, nosakanany ilay fimonomononana nampitandrina izay niezaka ny hiteny taminy fa tandindonin-doza ny ainy.

221 Ary, rahalahy, ranabavy, ianareo tsy hahavita mihitsy ny . . . Aza miezaka mampangina mihitsy an'io antso masina ao anatinareo io, hitanareo, amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana, amin'ny alàlan'ny fanaovana tsianjery ny fanekem-pinoana, amin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny rafi-pandaminana anankiray.

222 Zavatra anankiray ihany no afaka hahafa-po an'izany, dia ilay Olona, Jesosy Kristy. "Tahaka ny ombimanga anankiray maniry ny rano an-ony, dia toy izany koa no angetahetan'ny fanahiko Anao, O Andriamanitra. Ny fanahiko mangetaheta an'Andriamanitra velona!" Hitanareo, misy zavatra ao anatinareo ao, izay te-hahita ny fihetsehan'Andriamanitra. Mangetaheta an'Izany ny fanahinareo. Aza manakana zavatra kely amin'Izany.

223 Aza mamela pasitera anankiray hiteny aminareo hoe, "Mila mandray ny tànany fotsiny ianareo, mikambana amin'ny fiangonana, na mikambana amin'*ity* rafi-pandaminana ity." Aza vonoinareo io fahanginana masina io. Mampitandrina anareo izany. Ho avy ny andro iray izay hahatongavanareo eo amin'ny fiafaran'ilay làlana.

224 Tahaka an'ilay ramatoa kely ao amin'ny tanàna izay nihavianay. Noteneniny ny . . . Nandeha nankany am-piangonana ny zazavavy kely anankiray tany, ary zazavavy kely anankiray mahafinaritra. Ary nandeha teny an-dàlambe izy. Nanana volo lava izy, fantatrareo, ary nirotsaka nankany aoriana ny volony tahaka ny halaman'ny tongolo voavaofy,

saiky, ary ny tarehiny tahaka ny . . . tsy nisy fandokoan-tarehy. Ary naneso azy foana ity zazavavy ity, nanao hoe, "Raha tsy nanana an'io mpitory teny maivan-doha izay anananao any io ianao," izaho no resahiny, hoy izy—hoy izy, "dia mety ho tahaka ny zavatra anankiray mihaja. Saingy ianao dia tahaka ny zavatra avy ao amin'ny tranom-barotra ntaolo anankiray." Ary, oh, tena notsikafoniny mihitsy teo ambonin'ny arintany izy, isaky ny mahita azy tahaka an'izany. Hoy izy, "Ny pasiteranay dia malala-tsaina." Hoy izy, "Izy—izy—izy dia mahafantatra an'ireo. Fa, maninona ianao no manao tahaka an'izao? Tsy midika na inona na inona izany, ahoana ny fiakanjonao na fihevitrao." Misy dikany izany! Ny Baiboly no milaza fa misy izany. Hivelona amin'ny Teny rehetra isika!

225 Koa tsy noraharahain'ity zazavavy kely ity mihitsy izy na kely aza, nandeha izy. Misionera anankiray izy ankehitriny.

226 Ary avy eo ity—ity ramatoa tanora ity dia tratry ny aretin'ny fananahana, ary maty izy. Ny sakaizako anankiray no nanindrona ny ranon-javatra manitra tao aminy rehefa maty izy. Niteny tamiko izy, nanao hoe . . . Taorian'ny nahafatesany, dia mbola manimbolo an'ilay ranon-javatra foana izy. Nanana lavaka anankiray izy nihinana ny andilany, aretin'ny fananahana. Izy ireo aza tsy . . . Na dia ireo raiamandreniny aza tsy nahafantatra akory hoe inona no tsy nety tao aminy. Fa maty izy. Saingy talohan'ny nahafatesany . . .

227 Nampianatra sekoly Alahady izy. Ary niditra ireo andiana sekoly Alahady keliny rehetra, te-hahita azy izy ireo rehefa handeha ho any An-danitra izy, tonga ireo Anjely ary hitondra azy. Ary ny pasiterany tao ivelany, nifoka sigara, nandroso-sy-niverina tao amin'ny lalantsaran'ilay hopitaly. Ary nihira izy rehetra ireo rehefa ho faty izy, fantatrareo. Fantatr'izy ireo fa tsy maintsy ho faty izy. Nilaza ireo dokotera fa ho faty izy, koa nandeha izy rehetra mba hijery an'ireo Anjely tonga, hitondra azy.

228 Fa tampotampoka teo, rehefa nifanatrika tamin'ny zava-misy izy! Ankehitriny, tena mambran'ny fiangonana mahatoky izy, mpampianatra sekoly Alahady izy, ary mambran'ny fiangonana mahatoky ao amin'ny fiangonana anaram-piangonana lehibe tsara anankiray. Saingy rehefa nanomboka niady izy, dia namely azy ny fahafatesana; nibontsina ny masony, ary hoy izy hoe, "Very aho!" Hoy izy hoe, "Very aho! Mandehàna, alaivo ny pasitera!"

229 Novonoiny ny sigarany, ary niditra izy, nanao hoe, "Aoka, aoka! Aoka, aoka! Haka ny dokotera izahay mba hanome anao tsindrona anankiray."

230 Hoy izy, "Tsy mila tsindrona aho." Hoy izy, "Mpamitaka olona ianao! Ho faty aho, ho any amin'ny helo aho. Ary ho very

aho satria nolavinareo ny hilaza ny Fahamarinana tamiko. Mandehàna alaivo ilay zazavavy kely Goodhue, dia ento eto amiko eto izy, haingana mihitsy. Marina ny azy."

231 Miandrasa mandra-panatrikareo an'ilay zava-misy indray mandeha fotsiny. Aza manandrana manakana an'io fahanginana masina io ianareo. Aza mitifitra an'Izany amin'ny basy moderina, ara-pianarana, roa-vava ianareo. Henoy io fampitandreman'ny Fanahy Masina io, izao hariva izao, izay mampitandrina anareo, "Izaho no Làlana, Fahamarinana, ary Fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, raha tsy amin'ny Alàlako." Ary Izy no Teny.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

232 Mbola te-hanonona Teny anankiray an'ny Tompo Jesosy aho, raha mbola mieritreritra an'izany ianareo. Hoy Jesosy, ao amin'ny Matio 5, "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta." Maha-sambatra mihitsy aza ny manana an'io hetaheta ao anatinareo io. Tonga eo amin'ny faritra anankiray ve ianareo izay ny—ny—ny rafitrareo manontolo no voaloton'ny fanaovana anaram-piangonana, sy fombam-pivavahana kely sy antoko, sy ny sisa, baikom-piangonana kely, ara-tsosialy, toy ny ho fikambanana amin'ny sampana, sy ny sisa, avy amin'ny fiangonana anankiray mankany amin'ny fiangonana anankiray? Nahavita nametraka an'izany ranon'ny fahalotoana izany ve ny devoly, ka mihosanosana ao amin'izany ianareo, tahaka ny kisoa anankiray ao anaty tavy? Fa, tsy fantatrareo akory aza hoe inona ilay tena fampitoniana hetaheta an'Andriamanitra; ny mahita Azy, zava-misy anankiray, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina miaina ao anatinareo, ary miseho. Raha ianareo—raha ianareo izany izao hariva izao, raha mbola mangetaheta an'Andriamanitra foana ianareo, mamelà ahy hiteny aminareo:

Misy Loharano iray feno Rà,
Nosintonina avy tao amin'ny làlan-dràn'Imanoela,
Rehefa mitsoboka ao ambanin'ilay riaka ny mpanota,
Dia very ny pentipentin'ny fahadisoany rehetra.

Ilay mpangalatra maty nifaly mba hahita
An'ilay Loharano tamin'ny androny;
Eo aho no tokony, na dia ratsy aza izy,
Hanasa an'ireo otako rehetra.

Ary isaky ny mahita an'io ony io amin'ny finoana aho
Ny fikarakaranao ny ratran'ny fanonjàna,
Fitiavana manavotra no lohahevitro,
Ary ho izany mandra-pahafatiko.

233 Raha manana an'io hetaheta io ianareo izao hariva izao, mba hahafantatra bebe kokoa an'Andriamanitra, ary hanakaiky Azy, sitrakareo ve ny hanangana fotsiny ny tànanareo ankehitriny raha miondrika ny loha rehetra, manaova hoe, "Mivavaha ho ahy." O Andriamanitra, jereo ireo tànana!

234 Ato amin'ny firenena izay mandeha ny fampitàna ankehitriny, avy any Atsinanana, Avaratra, Andrefana, ary Atsimo, ianareo ato amin'ireo efitra ireo, atsangano amin'ny pasiteranareo ny tànanareo ary izay rehetra eo, izay irianareo; ianareo, zavatra ao anatinareo, hetaheta an'Andriamanitra. Io hetaheta masina io!

235 Aza mahafa-po azy. Oh, hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, izaho—izaho efa nihiakiaka indray mandeha. Izaho efa nandihy tao amin'ny Fanahy." Aza, aza, aza maka an'izany. Tsia.

236 Miandrasa mandra-pahatongan'ilay fahafaham-po, ilay Ampahan'ny fahafaham-po an'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina no miditra, avy eo dia ireo lakolosim-pifalian'ny fikiahana, sy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ny fandihizana ao amin'ny Fanahy, no ho tonga. Tsy mila manao an'izany amin'ny alàlan'ny zava-maneno ianareo. Hanao an'izany ianareo rehefa handeha eny an-dàlana ianareo, ao anatin'ny fiaranareo. Hanao an'izany ianareo rehefa mamafa ny gorodona ianareo. Hanao an'izany ianareo rehefa mandetika fantsika ao amin'ny rindrina ianareo, amin'ny asa fandrafetanareo. Na aiza na aiza misy anareo, izany no Fifaliana tsy hay hazavaina sy feno voninahitra!

Ankehitriny ndao isika hivavaka.

237 Ray An-danitra Malala! Ela, lava, naharitra, ity Hafatra kely ity izao hariva izao, saingy, Andriamanitra Malala, enga anie ny Fanahinao Masina hampita ny—ny dikany amin'ny fo rehetra. Ato amin'ity fiangonana ity mihitsy, izao hariva izao, dia misy tànana marobe mitsangana, n'aiza n'aiza manodidina ny lalantsara sy manerana. Izahay—izahay dia mivavaka, Andriamanitra malala, ho azy ireo. Oh, enga anie ilay Ampahany mahafa-po an'Andriamanitra (dia Kristy, ilay Fanantenan'ny Voninahitra, ilay Fanantenan'ny Fiainana ao aminareo), enga anie Izany ho tonga eo amin'ny tsirairay amin'izy ireo.

238 Any lavitra any eran'ny firenena, avy ao California, miakatra any New York ankehitriny, izay tena vao maraim-be, mihaino izy ireo any; any—any New Hampshire any, ary midina mankany Boston, ka hatrany Texas, mandalo ao Indiana, ny any California, sy ny manodidina rehetra. O Andriamanitra, jereo ireo tànana ireo; jereo izay ao ambanin'izy ireny, Tompo, ilay fo ao izay noana sy mangetaheta.

239 Izao andro nosimbaina izao, izay nanajamban'ny devoly ny mason'ny olona, mikambana amin'ny fiangonana fotsiny, ka

manao hoe, "Izay ihany no ilainareo." Fa mbola mijery ny tenany manokana izy ireo ka mahita ny fomba izay ataony, ary ilay faniriana izay ananany mba hitoviana amin'izao tontolo izao.

240 Fa, ny Baiboly no miteny aminay, "Raha vao tia ny zavatr'izao tontolo izao fotsiny aza izahay, dia efa tsy ao anatinay akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra."

241 Vao mieritreritra fotsiny, Ray, hoe simba toy ny ahoana no nanaovany an'ilay tena Teny marina, ahoana no ahafahan'izy ireo milaza hoe, "Oh, mino ny Baiboly izahay, fa tsy *Ity*. Tsy mino an'*Ity* izahay. Mino izahay fa *Ity* dia efa an'ny taona hafa. Mino izahay fa *ity* dia Izao," satria, anaram-piangonana anankiray no nanodina ny sain'izy ireo ho ao anatin'ilay lavapiringa.

242 Fa, hoy Jesosy hoe, "Izay hanaisotra Teny anankiray avy ao amin'*Ity*, na manampy teny anankiray amin'Izany, dia hesorina ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anjarany."

243 Andriamanitra Malala! Vao mieritreritra an'ilay hadisoam-panantenana ao amin'ny Fitsarana any, rehefa ny olona no niaina fiainana tsara, madio, masina anankiray, nandeha tany am-piangonana tena nahatoky arak'izay naha-izy azy ireo, nefa very.

244 Vao mieritreritra an'ireo Fariseo, izay, hatramin'ny naha-zazalahy kely azy, dia voahofana tao amin'ny Teny izy ireo, nivoaka avy tao amin'ny sekoly sy ny sisa, masina (tsy maintsy ho izany, fa raha tsy izany dia ho voatora-bato ho faty izy ireo), nefa hoy Jesosy hoe, "Ianareo dia avy amin'ny devoly rainareo."

245 Ahoana ilay Isiraely izay nidina tany! Ary aoka mba ho fampitandremana anankiray ho an'ireo Pentekotista izao, Tompo, manerana ny firenena. Ahoana ilay Mosesy, mpaminany anankiray, izay nandeha tany Egypta, mba hanatanteraka ny Tenin'Andriamanitra, mba hitondra an'ilay hazavan'ny hariva teo amin'izy ireo! Toy ny ahoana no nahitan'izy ireo an'ireo fahagagana lehibe an'Andriamanitra! Toy ny ahoana no nanarahan'izy ireo azy, niampita ny Ranomasina Mena, natao batisa tao aminy, niditra tany an-efitra ka nihinana ny sakafon'Anjely izay nilatsaka avy tany An-danitra. Nefa avy eo dia nandà ny handray ny Teny rehetra, rehefa niverina avy tany Kadesy-barnea izy ireo . . . tao Kadesy-barnea, avy tao—avy tao amin'ilay tany nampanantenaina, ka nanao hoe, "tahaka ny olom-be izy ireo; tsy vitantsika izany." Nefa, Andriamanitra no nilaza hoe, "Efa Nomeko anareo ny tany"! Mpametraka fetra! Hoy Jesosy hoe, "Izy ireo dia, izy rehetra, maty. Maty izy ireo," very, tsy nanana an'Andriamanitra, na dia nanao an'ireo zavatra rehetra ireo aza izy ireo. Nahita an'ireo fahagagana izy ireo; nifaly, nandihy nandroso-sy-niverina teo amin'ilay moron-dranomasina, niaraka tamin'i Miriama, rehefa nively amponga izy ireo. Nefa telo ihany, avy tao amin'ilay roa tapitrisa, no niditra.

246 Fantatray, Ray, fa rehefa ny tsirin'aina, ireo tsimoka avy ao amin'ny lahy sy vavy, no mitambatra, dia anankiray fotsiny ihany, avy ao amin'ny iray tapitrisa, io no nekena. Tsimoka anankiray avy amin'ny lahy no mahita an'ilay atody lonaka avy ao amin'ny vehivavy, ilay vavy, ary ny iray tapitrisa hafa maty.

247 Misy iray tapitrisa, roa tapitrisa, no nivoaka an'i Egypta; roa, Josoa sy Kaleba, no niditra tao amin'ny tany. Anankiray amin'ny iray tapitrisa. Ray, izaho—izaho dia mangovitra rehefa mieritreritra an'izany. Vao mieritreritra, fa eran'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao, Kristiana dimanjato tapitrisa, dia ho dimanjato izany raha izao hariva izao Ianao no ho tonga. O Andriamanitra, aoka izahay hahatsiaro fa ny Tenin'Andriamanitra rehetra, dia tsangambato anankiray. Tsy maintsy mino an'Izany izahay. Tsy maintsy mankato an'Izany izahay.

248 Ary rehefa hoy Ianao hoe, "Mibebaha, ianareo rehetra, ary aoka samy hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny heloka, ary ianareo handray ny fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, sy ho an'ny zanakareo, ary ho an'ireo izay lavitra, na iza na iza hantsoin'ny Tompo Andriamanintsika." Ary, Andriamanitra, mbola miantso Ianao, izao hariva izao, ary ny teny fikasana dia mitoetra raha mbola miantso foana Ianao.

249 Fa ireo mpitondra fivavahana no nanodina ny sain'ny olona, ary nitarika an'izany tamin'ny alàlan'ny sekolin'ny teolojia ara-pianarana, ara-anaram-piangonana, ho ao amin'ny zavatra anankiray hilazana hoe, "Oh, minoa fotsiny ianareo." Ny devoly dia mba mino ihany koa, saingy tsy afaka mandray ny Fanahy Masina izy. Jodasy Iskariota dia . . . nanao ny—ny sisa rehetra, izay nataon'ireo mpianatra, nitory ny Filazantsara; saingy rehefa tonga ny fotoana ho azy handraisana ny Fanahy Masina, dia nampiseho ny lokony izy.

250 Andriamanitra, enga anie ny olona eto amin'ny firenena izao hariva izao hahalala fa, raha tsy misy an'izany fahatsapana izany, dia very izy ireo. Enga anie mba ho izao hariva izao no ho afa-po amin'ilay Ampahanao ny fanahin'izy ireo, Tompo, raha mametraka azy ireo eo an-Tànanao izahay. Anao izy ireo, Tompo. Izahay dia tompon'andraikitra ho an'ny Teny fotsiny ihany. Mivavaka aho mba hinoan'izy ireo amin'ny fony rehetra, sy ho feno ny Fanahy Masina. Mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

251 Oh, Izy ve no Ampahany mahafa-po anareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, oadray! Tia Azy

amin'ny fonareo rehetra ve ianareo? ["Amena."] Ankehitriny, ireo Teny ireo dia mandidy indraindray, saingy ndao isika hihira ao amin'ny Fanahy ankehitriny, hitanareo, ny tsirairay amintsika ankehitriny. Ndao isika handray tànana ny rahalahy eo akaikinareo, ny anabavy, ka hiteny fotsiny hoe, "Andriamanitra hitahy anao, ry mpivahiny," raha mihira an'izany indray isika. [Mandray tànana ny olona Rahalahy Branham.]

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

252 Ankehitriny nifandray tànana isika. Ankehitriny ndao isika hanakimpy fotsiny ny masontsika ka hihira ao amin'ny Fanahy, atsangano Aminy ny tànanareo.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Oh, tsy mahafinaritra ve Izy?

Mahafinaritra, mahafinaritra, Jesosy amiko,
Ilay Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery Izy;
Oh, mamonjy ahy, manala ahy amin'ny ota sy henatra rehetra,
Mahafinaritra ny Mpanavotro, deraina ny Anarany!

Oh, mahafinaritra, mahafinaritra, Jesosy amiko,
Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery Izy;
Mamonjy ahy, manala ahy amin'ny ota sy henatra rehetra,
Mahafinaritra ny Mpanavotro, deraina ny Anarany!

253 Oh, tsy mientana ve ianareo ny amin'ny fahatsapanareo miaraka amin'i Kristy? [Mifaly ny fiangonana, "Amena."—Mpand.] Tsy mahafinaritra ve Izy? Tsy mahafa-po ve Izy?

Very aho fahiny, hita aho ankehitriny, afaka tamin'ny fanamelohana,
Jesosy no manome fahafahana sy famonjena feno;
Mamonjy ahy, manala ahy amin'ny ota sy henatra rehetra,
Mahafinaritra ny Mpanavotro, deraina ny Anarany.

Oh, mahafinaritra, mahafinaritra, Jesosy amiko,
Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery Izy;
Oh, mamonjy ahy, manala ahy amin'ny ota sy ny henatra rehetra,
Mahafinaritra ny Mpanavotro, deraina ny Anarany!

254 Mino ve ianareo fa ara-tSoratra izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hoy ny Baiboly hoe, "Mitehafa tànana. Manaova hikam-pifaliana ho an'ny Tompo." Fantatrareo, mba te-hitendry zava-maneno foana aho. Ny zanako vavy, Rebekah, dia mianatra piano. Ny zanako lahy kely dia mianatra trompetra. Fa izaho—izaho dia nianatra zava-maneno anankiray folo-tadiny. [Manomboka mitehaka ny tànany Rahalahy Branham.]

Mahafinaritra, mahafinaritra, Jesosy amiko,
Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery Izy;
Mamonjy ahy, manala ahy amin'ny ota sy ny henatra rehetra,
Mahafinaritra ny Mpanavotro, deraina ny Anarany!

Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Handeha ao amin'ilay Fahazavana isika, Fahazavana mahafinaritra,
Tonga eo amin'izay amirapiratan'ireo andon'ny famindram-po;
Mamiratra manodidina antsika andro aman'alina,
Jesosy, ilay Fahazavan'izao tontolo izao.

Handeha ao amin'ilay Fahazavana isika, tena Fahazavana mahafinaritra izany,
Izany dia tonga eo amin'izay amirapiratan'ireo andon'ny famindram-po;
Mamiratra manodidina antsika andro aman'alina,
Jesosy, ilay Fahazavan'izao tontolo izao.

255 [Manomboka misamonomonona Rahalahy Branham, "Jesosy, ilay Fahazavan'izao tontolo izao," ary avy eo dia misamonomonona miaraka aminy koa ny fiangonana—Mpand.] Manompoa an'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra izay anananareo.

Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina.

Oh, rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy,
Rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy.

Oh, rehefa mandà ny hamiratra ny masoandro,
Rehefa mandà ny hamiratra ny masoandro,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa mandà ny hamiratra ny masoandro.

256 Tianareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny dia manontany tena aho raha mba niova fo ny tongotrareo, dia tsy handihy intsony ve ianareo, any ho an'izao tontolo izao? Hitanareo? Ndao isika hanapoapoaka ny tongontsika, ho an'ny Tompo, ho an'ny Tompo. Ianareo, niova fo ve ny tànanareo, tsy hangalatra intsony ve ianareo? Niova fo ve ny molotrareo, tsy handainga intsony ve ianareo? Aza mandray ny fivavahana ao amin'ny lohanareo fotsiny, raiso ao aminareo manontolo izany. Izay ilay izy. Ilay olona manontolo no ilain'izany. Marina izany. Ankehitriny ndao isika hanapoapoaka ny tongontsika.

Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina.

Oh, rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina.

Ndao isika hanangana ny tànantsika fotsiny.

Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina,
O Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa mandeha miditra ao ireo masina.

Rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy,
Rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy,
Tompo, te-ho ao amin'io isa io aho
Rehefa satrohin'izy ireo ho Tompon'ny rehetra Izy.

257 Tsy tianareo ve Izy? [Mifaly ny fiangonana, "Amena! Voninahitra! Haleloia!"—Mpand.]

Koa handeha ao amin'ilay Fahazavana isika
(Izy no Fahazavana, fantatrareo), tena
Fahazavana mahafinaritra Izany,
Izany dia tonga eo amin'izay amirapiratan'ireo
andon'ny famindram-po;
Eny, mamiratra manodidina antsika andro
aman'alina,
Jesosy, ilay Fahazavan'izao tontolo izao.

258 Mino ve ianareo fa Izy no Fahazavan'izao tontolo izao? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino ve ianareo? Hoy i Paoly hoe, "Rehefa mihira aho, dia hihira ao amin'ny Fanahy aho. Raha manompo aho, dia hanompo ao amin'ny Fanahy aho." Hitanareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ao amin'ny Fanahy avokoa. Marina izany. Ary ny Fanahy no mitondra ny Teny eo amin'ny Fiainana. Marina ve izany? Marina izany. Eny, tompoko.

Ianareo rehetra masin'ny Fahazavana milazà,
Jesosy, Ilay Fahazavan'izao tontolo izao;
Fahasoavana sy famindram-po amin'ny
Anarany,
Jesosy, ilay Fahazavan'ny . . .

Noho izany dia inona no ataontsika?

Handeha ao amin'ilay Fahazavana isika,
Fahazavana mahafinaritra izany,
Tonga eo amin'izay amirapiratan'ireo
andon'ny famindram-po;
Mamiratra manodidina antsika andro
aman'alina,
Jesosy, ilay Fahazavan'izao tontolo izao.

259 Miala tsiny nampisavoritaka anareo ry mpitendry, tahaka an'izany, fa lasa liana fotsiny aho. Tsy mahalala tsaratsara kokoa noho ny manompo fotsiny aho. Izany no fomba anaovanareo an'ilay izy. Eny, tompoko. Mankasitraka aho ny amin'ity fanararaotra ity, Rahalahy Mack, tonga sy miombona aminao sy ny fiangonanao eto izao hariva izao, ireto olona mahafinaritra rehetra ireto.

260 Ary ianareo izay nanangana ny tànanareo ho an'ny batisan'ny Fanahy Masina, matoky aho fa hihaona amin'i Pasitera Mack eto ianareo, na ny sasany amin'izy ireo, ka hiditra ato amin'ny efitra aoriana ato. Ary tsarovy fotsiny, rehefa niteny ny Teny Andriamanitra tany amin'ny voalohany, ka nanao hoe, "aoka hisy," dia tsy maintsy nisy izany! Ary hoy Izy hoe, "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy ireo no ho vokisana." Hitanareo, tsy maintsy miseho izany. Tongava mitsidika ny pasiteranareo eto, ary tohano izy raha mitory ny Filazantsara.

261 Ankehitriny ndao isika hihira indray an'io hira tranainy tsara io, tiako fotsiny izany, "Handeha ao amin'ilay Fahazavana isika."

262 Hoy Jesosy hoe, "Izaho no Fahazavana," ary ianareo ao Aminy. Hitanareo? Ahoana no hidiranareo ao Aminy? Mikambana Aminy? Tsia. Mangovitra? Tsia. Batisan'ny rano? Tsia. "Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho ao amin'ny Tena iray, izay ny Tenan'i Kristy." Ary ao anatin'io Tena io dia misy fanomezam-pahasoavana ara-panahy sivy miasa amin'ny alàlan'ilay tena eo an-toerana, ilay fiangonana eo an-toerana. Izany no apostolika, raha araka ny mba fahafantarako azy. Marina izany.

Koa hijanona ao amin'ilay Fahazavana isika,
ao amin'ilay Fahazavana mahafinaritra,
Izany dia tonga eo amin'izay amirapiratan'ny. . .

[Miresaka amin'i Pasitera Mack Rahalahy Branham—Mpand.] Eny àry! . . .? . . .

Mamiratra manodidina antsika andro aman'. . .

[Miresaka amin'i Pasitera Mack Rahalahy Branham—Mpand.] Tena fifaliana anankiray! [Hoy Rahalahy Mack hoe, "Misaotra anao, rahalahy. Misaotra anao."]

HETAHETA MAG65-0919
(Thirst)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tany am-boalohany tamin'ny teny Anglisy ny Alahady hariva, 19 Septambra, 1965, tao amin'ny Grantway Assembly Of God ao Tucson, Arizona, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org